
*Gazety boky iraisampirenena - Advantista mitandrina ny andro Fahafito*

HERINANDRO FIARAHA- MIVAVAKA

ADVENTIST WORLD



# Manao ny Iraka Am-Po

Imprimerie Adventiste - Tél. 020 24 132 46 - 033 37 107 17
BP 1134 Antanànarivo 101 Madagascar
Email: <impriad@mea.adventist.mg>
Voatolotra ara-dalàna lah. 0079-B/10.16 - Ny natonta: 8735 isa

HERINANDRO FIARAHA-MIVAVAKA

# MPAMITA IRAKA AVOKOA NY OLONA REHETRA!

Fivondronamben'ny Federasiona
Ranomasimbe Indianina

# MPAMITA IRAKA AVOKOA NY OLONA REHETRA!

TED N. C. WILSON

Anisan'ny andininy malaza indrindra ao amin'ny Baiboly ilay iraka « ho amin'ny asa fitoriana »:

*« Ary Jesosy nanatona dia niteny taminy ka nanao hoe: Efa nomena Ahy ny fahefana rehetra any an-danitra sy etỳ an-tany; koa mandehana hianareo, dia ataovy mpianatra ny firenena rehetra, manao batisa azy ho amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina sady mampianatra azy hitandrina izay rehetra nandidiako anareo; ary, indro, Izaho momba anareo mandrakariva ambara-pahatongan'ny fahataperan' izao tontolo izao »* (Matio. 28:18–20).

Ao amin'io iraka io dia manentana ny mpianany i Kristy mba ho lasa mpamita iraka ary hitondra ny Filazantsara manerana izao tontolo izao. Fa moa ve mbola manan-kery amin'izao vanim-potoana izao io baiko, izay nomena 2000 taona lasa io? Inona ny iraka ampanaovina antsika? Amin'izao kolontsaina môderina misy antsika izao, mitaky inona ny andraikitry ny misiônera ?

Amin'ity herinandro fivavahana manokana ity, dia hifantoka amin'ny iraka ho amin'ny asa fitoriana isika. Haseho mandritra ireo andro tsirairay mifandimby ireo ny endrika vaovao mikasika io foto-dresaka manan-danja io: Inona ny votoatin'ny irak'Andriamanitra? Amin'ny fomba ahoana no ahafahantsika tsirairay ho lasa misiônera? Hodinihintsika amin'izany ny dikan'ny hoe mihaona amin'i Jesôsy, sy ny atao hoe misiônera miaraka Aminy.

Ny fitiavana an'Andriamanitra sy ny fitiavana ny mpiara-belona amintsika no fototry ny iraka ho amin'ny asa fitoriana. Mandritra ny herinandro dia hiresaka ihany koa mikasika foto-kevitra roa manan-danja isika: ny faharesen-dahatra ny amin'izay zavatra inoantsika, sy ny fandraisana ireo mpino vaovao ho ao anatin'ny fikambanan'ny mpino. Ary farany, dia hatopintsika any amin'ny zavatra ho avy ny fijerintsika, any amin'ilay fotoana izay hahavitana iraka ho amin'ny asa fitoriana. Manasa antsika mba ho tonga tsy tapaka hanatrika izany, ary tsy handiso na dia andro iray amin'izany fampianarana feno ny fitaoman'ny Fanahy, manandratra ary mifototra amin'ny Baiboly izany!

Manasa antsika aho mba hiaraka amiko, ary ao anatin'ny fanahin'ny vavaka, dia samy hihevitra ny amin'izany foto-kevitra manan-danja izany isika. Na iza ianao na iza, na aiza na aiza toeram-ponenanao, na inona na inona zavatra ataonao, atolory ny tenanao mba ho lasa misiôneran'i Jesôsy!

Ny Tompo anie hitahy antsika, amin'ny maha-fianakaviamben'ny fiangonana maneran-tany antsika, izay miangona hiara-mianatra sy hivavaka mandritra ity herinandro fiaraha-mivavaka manokana ity.

*TED N. C. WILSON,*
*Filohan'ny Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito*

# NY IRAK'ANDRIAMANITRA

*Na firy taona ianao na firy, na inona na inona zom-pirenena zakainao,*
*na lehilahy ianao na vehivavy,*
*dia miantso anao Andriamanitra mba handray anjara*
*amin'ny iraka ampanaoviny.*

Tonga misiônera… Tany an-danitra no niandohan'izany fotokevitra izany. Mialoha indrindra ny nidiran'ny fahotana teto amin'izao tontolo izao, Andriamanitra Telo Izay Iray dia namolavola drafitra mba hamonjena ny tarank'olombelona, raha toa ka ho lavo izy, noho ny fitaoman'i Satana. Indro Andriamanitra Ray fa nandefa ny Zanany mba hamonjy ireo fanahy very.

Tena lafo vidy indrindra ny iraka nataon'i Imanoela – amintsika Andriamanitra. « Mba hahazoany manatanteraka izany adidy izany, dia tsy maintsy mandray ao amin'ny tenany ny heloka sy ny mariky ny fahotana Izy [Ny Zanakalahin'Andriamanitra], hidina hatrany amin'izay farany ambany indrindra amin'ny fahafaham-baraka ka hosarahina amin'ny Ray» — E.G.W, Patriarika sy Mpaminany, t. 45.

Noho izany, i Kristy – ilay tian'ny lanitra manontolo – dia nandao ny fahadiovana sy ny fiadanana ary ny fifalian'ny paradisa, mba hanatanteraka ny iraka lehibe tetỳ an-tany : hitady sy hamonjy ireo fanahy very.

Tsy niova hatrany am-piandohana ny irak'Andriamanitra. Nandritra ireo taonjato maro nifandimby dia naniraka misiônera maro Andriamanitra, izay amin'ny alalan'izy ireny no hanatanterahany ny fikasany.

**Iraka Natao Hotanterahina**

Nandritra ny 120 taona dia niangavy ireo mponina niaina talohan'ny safodrano i Noa mba hiomana ny amin'ny safodrano mananontanona (Gen. 6:3; 1 Pet. 3:20; 2 Pet. 2:5). Nandritra ny 120 taona, no nifikiran'io lehilahin'Andriamanitra io tamim-pikirizana fatratra tamin'ireo teny fikasan'Andriamanitra, nanoloana ireo fanevatevana sy fanesoana nataon'ireo olona niezahany hovonjena ireo.

Taona maro taorian'izay, dia nanankina iraka iray tamin'i Abrahama Andriamanitra. Nibaiko azy Izy mba handeha ho any amin'ny tany izay hasehony azy, mba hampiely hery miasa mangina tsara amin'ireo Kananita ka hahatonga azy ireo hibebaka, andrao diso aoriana loatra. Noho ny

famindrampony, dia namela fotoam-pitsapana ho azy ireo Izy mialoha ny handravana azy (Gen. 12:1-3; 15:15,16).

Tanora voa erotrerony i Josefa no tonga andevo tany Egipta.

Na izany aza, dia nifidy ny hitondra fahazavana sy fahitsian-toetra tao amin'ny tokantrano iray mpanompo sampy izy. Mbola namirapiratra hatrany izy na dia teo aza ireo toe-javatra mahatrotraka indrindra – eny, fa na tany amin'ny fonja egiptianina aza. Taorian'izay, dia nifidy hampiasa ity misiônera mahatoky ity Andriamanitra ho famonjena, tsy ny Egiptianina irery ihany, fa ireo firenena hafa tratry ny mosary koa, izay naharitra an-taonany maro (Gen. 37:25-28; 39:8,9,21-23; 41:37-41).

**« Fiofanana Ho Misiônera » Mitohy**

Nahazo *« fiofanana ho misiônera » mitohy Mosesy – voalohany indrindra, teo an-tongotry ny reniny : « Nangataka mafy tamin'i Jehovah izy mba hiaro azy tamin'ny faharatsiana nanjaka tao an-dapa, tamin'ny alalan'ny ezaka nataony mba hanikotra ao an-tsainy ny fitiavana ny marina sy ny hitsiny miaraka amin'ny fahatahorana an'Andriamanitra. Natorony an-janany ny faharatsiana sy ny fahalotoan'ny fanompoan-tsampy, ary tany am-boalohany dia efa nampianariny azy sahady ny hiantso Ilay hany afaka handre sy hanafaka amin'ny loza »* — E.G.W, Patriarika sy Mpaminany, t. 242.

Nandranto fahalalana ara-tsaina ambony momba ny fitarihana vahoaka sy ny fitarihan-tafika i Mosesy raha tao an-dapan'i Farao. Ny fanazarana nataony momba ny lasi-pandaminana dia tena zava-dehibe tokoa ho azy, mba hahafahany mitondra vahoaka maro sesehana hivoaka ny tany Egipta ka hitarika azy ho any an'efitra (Asa. 7:22). Mialoha ny fahavononany hanatanteraka io asa io anefa, dia tsy maintsy niditra tamin'ny sehatra fahatelon'ny fiofanana ho misiônera izy. Tany an'efitra no nanomezan'Andriamanitra azy izany.

Hoy i Ellen White : *« Tahaka an'i Abrahama sy Jakoba dia ilainy koa ny mianatra tsy hiantehitra amin'ny hery sy ny fahendren'olombelona, fa amin'ny herin'Andriamanitra irery ihany, amin'ny fanaovana ny fikasan'Andriamanitra. [...] Nianatra ny faharetam-po sy ny fifehezana ny filan'ny nofo izy tao amin'ny sekolin'ny fandavan-tena sy ny fihafiana. Nianatra ny fankatoavana izy alohan'ny nahazoany nanapaka tamim-pahendrena »* — E.G.W, Patriarika sy Mpaminany, t. 246. Izay vao feno fahavononana hanompo i Mosesy, amin'ny maha-misiônera lehibe indrindra azy teo anivon'ireo misiôneran'Andriamanitra rehetra.

**Hitady Sy Hamonjy**

I Rahaba, vehivavy avy any Jerikô, dia nitantara tamin'ny ankohonany rehetra ny fihaonany tamin'ireo mpisafo tany isiraelita.

Tamin'ny nijoroany ho vavolombelona ny amin'ny finoany ilay Andriamanitr'ireo mpisafo tany, no nandraisany anjara koa tamin'ny famonjena ny ankohonany (Jos. 2:12-14; 6:17).

I Daniela sy ireo namany telo lahy dia nalefa ho misiônera tany Babilôna, ilay fanjakana matanjaka indrindra. Nandritra ireo taona nifandimby, no nanatanterahan'izy ireo tamim-pahatokiana ny irak'Andriamanitra tao an-dapan'ny mpanjaka. Vokatry ny fijoroan'izy ireo dia nanolotra tanteraka ny fony ho an'ilay Andriamanitra marina sady tokana i Nebôkadnezara. Azonareo atao ny mamaky ny fijoroana ho vavolombelona nataon'ny mpanjaka ao amin'ny Daniela 4:34-37.

Tany Siria, ny zazavavikely isiraelita iray nanompo tao an-tranon'ireo sirianina izay naka azy an-keriny, dia nijoro ho vavolombelona tamim-pahatokiana ny amin'ny finoany an'Andriamanitra. Hany i Namàna, ilay kômandin'ny miaramilan'ny mpanjaka ka nanambara hoe : *« Indro, fantatro fa tsy misy Andriamanitra amin'ny tany rehetra, afa-tsy ato amin'ny Isiraely ihany. »* (2 Mpanj. 5:15)

Ary i Jônà? Na teo aza ny toetrany, dia misiônera nandray anjara tamin'ny famonjena ireo Ninivita fahavalony izy, tamin'ny nitoriany ny Tenin'Andriamanitra tamin'izy ireo (Jônà 3:4-10).

**Ny Irak'Andriamanitra Ao Amin'ny Testamenta Vaovao**

Tsy hafa amin'ny ao amin'ny Testamenta Taloha ny irak' Andriamanitra ao amin'ny Testamenta Vaovao: hitady sy hamonjy ireo fanahy very.

Mazava tsara fa i Jesôsy no misiônera ambony indrindra. *« Tamin'ny voalohany ny Teny, ary ny Teny tao amin'Andriamanitra, ary ny Teny dia Andriamanitra. [...] Ary ny Teny dia tonga nofo ka nonina tamintsika; ary hitanay ny voninahiny, dia voninahitra miendrika ho an'ny Lahitokana avy tamin'ny Ray, sady feno fahasoavana sy fahamarinana »* (Jao. 1:1-14). Jesôsy, tao amin'ny iraka nataony, no naneho ny fitiavana sy ny famindrampon'Andriamanitra tamin'ny fahafenoany rehetra.

Tamin'ny fanompoana tetỳ an-tany nataony, ny Tompo dia nanolotra fanofanana misiônera azo ampiharina ho an'ireo mpianany. *« Raha nanompo ny vahoaka marobe izay nanodidina Azy i Jesosy, dia nitodihany manokana ny mpianany izay naniry hankatò ny baikony sy hanamaivana ny asany. Nanampy Azy teo amin'ny fandaminana ny vahoakany izy ireo, nitondra ny tra-pahoriana teo amin'ny Mpamonjy, ary nanao izay hampifalifaly ny rehetra. Nijery izay mpihaino liana izy sy nanazava ny Soratra Masina taminy, ary niasa tamin'ny fomba maro samy hafa ho an'ny tombon-tsoany ara-panahy. Nampianatra izay efa nianarany tamin'i Jesosy izy, ary isan'andro dia nahazo fanandramana sarobidy »* — E.G.W, Ilay Fitiavana Mandresy, t. 367.

Rehefa nandefa ny apôstôly tsiroaroa i Jesôsy (ary tsy ela taorian'izay, ireo "fitopolo lahy" [Jereo Lioka 10]), dia nibaiko azy ireo Izy mba hanatanteraka ny irak'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fitorian-teny, amin'ny filazana amin'ireo mpihaino azy ireo hoe: *"Efa mby akaiky ny fanjakan'ny lanitra"* (Mat. 10:7). Manaraka izay, dia nampiany hoe: *"Sitrano ny marary, atsangano ny maty, diovy ny boka, avoahy ny demonia; efa nahazo maimaimpoana ianareo, koa manomeza maimaimpoana"* (and. 8). Araka izany no nampahatsiahivany azy ireo fa amin'ny alalan'ny fahefana avy any ambony irery ihany no hahatanteraka ny iraka, fa tsy amin'ny fahefan'izy ireo manokana.

**Taorian'ny Fitsanganana Tamin'ny Maty**

Tsy ela taorian'ny fitsanganan'i Kristy tamin'ny maty, dia nisy iraka manokana napetraka tamin'ireo vehivavy tonga teny am-pasana: *"Fa mandehana, lazao amin'ny mpianany sy Petera fa mialoha anareo ho any Galilia Izy; any no hahitanareo Azy, araka izay nolazainy taminareo"* (Mar. 16:7).

Tamin'io andro io ihany, raha teny an-dalana nizotra ho any Emaosy i Kleopasy sy ny namany — mpianatr'i Jesôsy hafa – dia nahatsapa izy ireo fa "nangorakoraka" ny fony raha nanazava ny Soratra Masina tamin'izy ireo i Jesôsy. Noho ny fifaliany tsy hainy nokobonina, sy noho ny toe-tsaina misiônera nameno azy ireo, dia niverin-dalana faingana ho any Jerosalema izy mba hilaza amin'ireo mpianatra hafa fa velona i Jesôsy (jereo Lio. 24:13-35).

Mialoha kely ny niakaran'i Kristy tany an-danitra, dia mbola namerina indray ny baikony tamin'ireo mpianany Izy: *"Mandehana any amin'izao tontolo izao ianareo, ka mitoria ny filazantsara amin'ny olombelona rehetra. [...] Fa izy ireo kosa dia lasa ka nitori-teny eny tontolo eny, ary ny Tompo niara-niasa taminy ka nanamarina ny teny tamin'ny famantarana izay nomba azy"* (Mar. 16:15-20).

Tsy azontsika hadinoina ny amin'i Filipo, rehefa mieritreritra ny amin'ireo misiônera isika! Nandefa azy ho any amin'ny lehilahy etôpianina iray, mpiasa ambony tao amin'ny lapam-panjakana any Etiopia Andriamanitra, mba hitondra fampianarana Baiboly ho azy (Asa. 8:26-40). Tsy azontsika hadinoina ihany koa ny amin'i Stefana, izay nijoro ho vavolombelona tamim-pahasahiana fatratra teo anoloan'ireo sinedriona, ka nanao sorona ny ainy noho izany. Avy tamin'ny ran'io maritiora io anefa no nipoiran'ny misiônera iray lehibe indrindra amin'ireo misiônera rehetra, dia i Saoly, izay tonga Paoly tatỳ aoriana kely (Asa. 7:58; 9:1-22). Ary ahoana kosa ny amin'i Barnabasy, Silasy sy Jaona Marka ary i Timoty, izay samy nitana anjara asa lehibe teo amin'ny fanatontosana ny iraka!

**Misiônera Hafa Koa**

Ny boky manan-kery iray antsoina hoe Hery Mifanandrina dia maneho amintsika fa araka ny fizotry ny tantara, Andriamanitra dia

nanana mandrakariva mpanompo nanam-paniriana hanatanteraka ny iraka, eny, fa na dia hamoizany ny ainy aza izany.

Tamin'ny taona 1874 no nandefasan'ny fiangonana Advantista ireo misiônerany voalohany indrindra – John N. Andrews sy ireo zanany mianadahy, Mary sy Charles, ho any Bâle tany Soisa. I Angeline, andefomandrin'i John, dia nindaosin'ny fahafatesana roa taona nialohan'io. Indrisy fa nindaosin'ny fahafatesana ihany koa i Mary tamin'ny taona 1878, vokatry ny aretina raboka (tuberculose). Dimy taona taorian'izay, raha mbola tany Eorôpa izy ireo, dia maty vokatr'io aretina io ihany koa i John, ary dia nalevina tao Bâle. Hatramin'izay, dia advantista an'arivony no nindaosin'ny fahafatesana teo amin'ny naha-misiônera azy. Tahaka an'i John N. Andrews sy ny zananivavy Mary, dia tanora sy lehibe maro no nanao sorona ny ainy raha teo am-panatanterahana tamim-pahatokiana ny irak'Andriamanitra izy ireo.

Ankehitriny, olona mihoatra ny 19 tapitrisa any amin'ny firenena maherin'ny 200 no nanaiky ny fahamarinana tahaka ny maha-izany azy ao amin'i Jesôsy, ka niditra ao amin'ny hetsika advantista, izay tari-dalana avy amin'Andriamanitra. Izany no vokatry ny sorona nataon'ireo mpino maro izay namaly ny antson'Andriamanitra mba handeha any amin'ireo firenen-kafa maro.

**Iraka Mitohy**

Amin'izao fotoana, eto amin'ity tany ahitana mponina mihoatra ny 7 lavitrisa ity, dia mbola betsaka hatrany ny asa tokony hatao ho fanatanterahana ny irak'Andriamanitra. Miantso anareo rehetra Andriamanitra mba handray anjara amin'izany – na firy taona ianao na firy, na inona na inona ny zom-pirenena zakainao, ary na lehilahy ianao na vehivavy. Azony atao ny miantso anao hanatanteraka ny asa misiônerany ao amin'ny faritra misy anao, any an-tsekoly, any am-piasana, na koa eo amin'ny faritra izay anananao hery miasa mangina. Na aiza na aiza misy anao, mila anao Izy mba hitady sy hamonjy ireo fanahy very.

Amin'ny alalan'ny fifandraisantsika isan'andro amin'ny hafa no hahafahantsika mijoro ho vavolombelona amin'ny fomba tsotra indrindra. Angataho ny Fanahy Masina hitarika anao ho any amin'ireo olona mila izany indrindra. Manaraka izany, eo ambany fitarihany, zarao amim-pahatoniana sy amin'ny fomba tsy amboamboarina ary mendrika indrindra ny fijoroana ho vavolombelona sy ny fampaherezana ataonao. Ny fijoroana ho vavolombelona dia tokony ho fifaliana sy vokatry ny fifandraisantsika amin'ny Tompo. Tsy isalasalana, fa hanokatra ny lalana ho antsika Andriamanitra.

Miantso antsika rehetra Andriamanitra mba ho tonga misiônera ho azy! Eo am-panatanterahana io iraka io, dia tsy hay ny tsy hanantitrantitra

ny maha-zava-dehibe ny tokony hitoerantsika eo anilan'ny Tompo mandrakariva, amin'ny fandinihana ny Baiboly sy ny Fanahin'ny Faminaniana, ary amin'ny alalan'ny vavaka tsy misy fitsaharany.

**Misiônera Avokoa!**

Hoy ny diam-penina voatsindry mandry: "Raha tena misiônera marina tokoa ny mambran'ny fiangonana tsirairay, dia ho voatory ao anatin'ny fotoana fohy amin'ny firenena rehetra, sy fokom-pirenena rehetra ary ny samy hafa fiteny rehetra ny Filazantsara" — E.G.W, Instructions pour un Service Chrétien Effectif, t. 97.

Ho avy tsy ho ela i Jesôsy! Aoka hasandrantsika avo io faneva io, ary hozaraintsika amin'ny fomba maro karazany azo ampiharina ny hafatra. Aoka ireo olona toa antsika hoentintsika eo amin'Ilay nanolotra antsika ny famonjena sy nanome toky ho antsika fa hitondra antsika any an-trano tsy ho ela.

Raha feno ny fahendrena sy ny hery avy amin'Andriamanitra isika, dia andeha hifarimbona amin'ny fanatanterahana ny iraka izay nankinin'ny Tompo amintsika. Noho ny fahasoavan'Andriamanitra, aoka ny mpino advantista isam-batan'olona ho tonga misiônera, aoka ny mpino advantista tsirairay hanolo-tena tanteraka ho amin'izany, mba hanafaingana ny fiverenan'i Kristy tsy ho ela!

*Ted N. C. Wilson,*
*filohan'ny Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito.*

**FANONTANIANA HOSAINTSAININA SY HOZARAINA**

1. Inona no ataon'ireo mambran'ny fiangonana misy anao, hoenti-manompo amin'ny maha-misiônera azy ireo eo amin'ny fiarahamonina misy azy? Eo amin'ny saha midadasika maneran-tany?

2. Tsapanao ve fa misiônera tokoa ianao eo amin'ny manodidina anao, eo amin'ny fiarahamonina misy anao – eny, fa na dia efa niasa tamin'ny maha-misiônera aza ianao tany amin'ny firenen-kafa? Raha eny, amin'ny fomba ahoana?

3. Tsapanao ve fa sarotra ny miresaka momba an'i Jesôsy amin'ireo olona toa anao? Raha eny, nahoana? Inona no azonao atao mba hanovana izany?

## FANATONTOSANA IRAKA HO AMIN'NY ASA FITORIANA!

*Jereo Andriamanitra miasa eo amin'izao tontolo izao, ka mandraisa ianao anjara amin'izany asany izany.*

Taona vitsivitsy lasa izay, nalaza tany amin'ny vaovao sy ny gazety ity tantara manaraka ity – tantara, izay indrisy fa mateti-pitranga amin'izao vanim-potoana misy antsika izao. Amin'ny roa maraina ny andro. Nahatsapa filàna te hifoka sigara i Ashley Smith. Nandeha nivoaka izy vokatr'izany, ary nividy sigara mba hanomezany fahafaham-po izany filàny tsy mahasoa izany. Nisy vokany tsy nampoizina io dia nanirahany ny tenany io, izay tsy tsara velively. Nisy lehilahy nanaraka azy rehefa niverina tao an-tranony izy. Nipoitra avy tany anatin'ny aloka maizina tany ilay lehilahy tamin'ny fotoana nanokafan'i Ashley ny varavarana, nobedainy tamin-kery i Ashley ary niaraka niditra tao an-trano izy ireo.  I Brian Nichols, io lehilahy io, mpanolana sady mpamono olona. Nofatorany i Ashely ary nataony tao anaty kovetabe fandroana. "Tsy haninona anao aho, hoy izy raha toa ka manaraka tsara izay lazaiko ianao." [1]

Lazao ahy hoe, inona no hataonao raha sendra zavatra toy izany ianao? Hitalao sy hiangavy ilay olona mpanao herisetra aminao ve ianao? Hikiakiaka sy hiantsoantso araka izay tratran'ny herinao ve ianao? Hivavaka amin'Andriamanitra ve ianao mba hanafaka anao hiala amin'izany? Na dia teo aza izany fotoana mampihoron-koditra izany, tampoka teo dia nandray ny fahasoavan'Andriamanitra, izay azontsika rehetra raisina, i Ashley. Lasa tombontsoa nahafahany nanao asa fanompoana ilay fotoana nakana an-keriny azy. Araka ny fijoroana ho vavolombelona nataony, dia nanomboka niresaka izy sy i Brian Nichols, avy eo nanomanany sakafo maraina izy, nohenoiny izay zavatra nolazain'i Brian ary tao aorian'izay dia notantarainy taminy ny tantarany manokana. Nambaran'i Ashley azy fa nanapa-kevitra izy ny hamela ny fahasoavan'Andriamanitra hiasa tao am-pony. Noresahany azy ny ratra mahazo azy, izay efa sitranin'Andriamanitra. Voadona tam-pony tanteraka i Brian Nichols.

Ity vehivavy ity, izay resy teo amin'ny fitsarana ary tsy nahazo alalana hitazona ny zanany; ity vehivavy ity, izay lasa nitady sigara tamin'ny roa

maraina; ity vehivavy ity izay vao nanomboka nahita lalana hivoahana, dia vehivavy mbola tena eo an-dalam-pahasitranana! Tamin'io fotoana io mihitsy no nisy zava-mahagaga niseho. Nirotsaka nanao ny asan' Andriamanitra i Ashley, ary lasa nahafantatra an'Andriamanitra i Brian, ilay mpanolana, i Brian ilay mpamono olona. Azony tsara fa na dia voahoso-drà sy feno ny fahorian'ireo olona nampijaliany aza ny fiainany, dia azony atao ny manova izany fizotran-javatra izany. Eny, azony atao ny mamotsotra an'i Ashley ary manompo an'Andriamanitra any am-ponja. Tsapan'i Ashley tamin'ny alalan'io fanandramana io, fa nandray kihon-dalana vaovao ny fiainany. Nahomby izy ary vitany ny niala tamin'ny fianteherany tamin'ny zava-mahadomelina. Tsapany ary tena azony antoka fa nampiasain'Andriamanitra ilay resaka nifanaovany tamin'i Brian mba hanovana azy ary mba hanomezana tanjona ihany koa ho an'i Brian eo amin'ny fiainana.[2]

**Fifampiresahana Mitondra Fanovana**

Tany aloha ela be tany dia nisy vehivavy iray resin'ny fiainana, menatra, niaina tao amin'ny fahotana, nivoaka ny tranony mba handeha hamita iraka maika iray. Tamin'ny mitataovovonana, raha nizotra ho any amin'ny fantsakan'i Jakôba izy mba hantsaka rano, dia tsy azony an-tsaina mihitsy fa alohan'ny hiafaran'io andro io dia ho lasa misiôneran' Andriamanitra izy ao amin'ny tanàna iray manontolo. Nijanona mba hiala sasatra teo amin'ny fantsakan'i Jakôba i Jesôsy, rehefa avy tany Jodia ho any Galilia ka nandalo tao Samaria. *"Ary nisy vehivavy Samaritana anankiray avy hantsaka rano dia hoy Jesosy taminy: Omeo Aho hosotroiko."* (Jao. 4:7). Izany fangatahana tsotra dia tsotra izany no nitarika fifampiresahana nitondra fanovana.

Tao amin'io fifampiresahana io dia notairin'i Jesôsy ny zavatra mahaliana ity vehivavy ity, novaliany tamim-paharetana ny fanontaniany, ary nahariharin'i Jesôsy tamim-pitiavana taminy ny safidy nataon'ity vehivavy ity teo amin'ny fiainana. Rehefa tsapan'i Jesôsy fa efa vonona ilay vehivavy, dia nambarany taminy fa Izy tenany mihitsy no Mesia: *"Hoy Jesosy taminy: Izaho izay miresaka aminao no Izy. (...) Dia nandao ny sininy ravehivavy ary nankany an-tanàna ka nanao tamin'ny olona hoe: Andeha hizaha izaroa Lehilahy izaroana, Izay nilaza tamiko ny nataoko rehetra; Izao angaha no Kristy? Dia nivoaka avy tao an-tanàna ny olona ka nankeo amin'i Jesosy."* ( and. 26 – 30)

Vantany vao voarainy izany fampahafantarana mahafinaritra izany, dia iny fa nilaozan'ilay vehivavy samaritana ny sininy, ary teo no ho eo ihany izy dia lasa nizara tamin'ireo olona mitovy aminy, ilay fahazavana sarobidy izay noraisiny. Fantatry ny olona ny fiainany. Fa rehefa hitan'izy ireo ny endrika vaovao nisoritra teo amin'ny tavany, ny fiovana teo amin'ny

fitondran-tenany, ny fahasitranan'ny fahamenarany sy ny tahotra nananany vokatry ny fihaonany tamin'ny Mpamonjy, dia tonga avokoa izy rehetra. (And. 39). Hoy ny nosoratan'i Ellen White: *"Io vehivavy io dia mampiseho ny vokatry ny finoana an'i Kristy, dia finoana tsotra, ary avy hatrany dia miasa amim-pahendrena. Ny tena mpianatra marina rehetra dia teraka ao amin'ny fanjakan'Andriamanitra mba ho misionera."*[3]

Hoy i Jesôsy: *"Tahaka ny nanirahanao Ahy ho amin'izao tontolo izao no mba nanirahako azy kosa ho amin'izao tontolo izao."* (Jao. 17:18) Miantso antsika Andriamanitra mba hizara ny vaovao mahafaly amin'ireo olona rehetra mihaona amintsika. Izany no ambaran'i Paoly amintsika: *"Nefa tsy ataoko ho zavatra akory ny aiko, mba hahavita ny alehako, dia ny fanompoana izay noraisiko tamin'i Jesosy Tompo hanambara ny filazantsaran'ny fahasoavan'Andriamanitra."* (Asa. 20:24)

Araka izany tokoa mantsy, hoy Izy amintsika, isika dia ambasadaoro – misiônera – nalefa ho iraka, natao hizara ny fahasoavana izay noraisintsika tamin'ny alalan'ny asan'ny fampihavanana (2 Kor. 5:19).

"Maniry ny hampiasa ny maha-ianao anao manontolo Andriamanitra ao amin'ny asany mba ho famonjena izao tontolo izao."

**Hafatra Fampihavanana**

Rehefa nitady ireo olombelona lavo tao amin'ny zaridainan'i Edena Andriamanitra, ilay Misiônera lehibentsika, dia nitondra hafatra fampihavanana ho azy ireo. Ao amin'ny tantara ara-Baiboly, dia mangataka ny vahoakany Andriamanitra mba handingana ireo sakana, ara-kolotsaina, ara-pivavahana, ary ara-tsôsialy amin'ny alalan'io hafatra feno fahasoavana io. Nampiasainy ho vavolombelona tamin'izany ireo olona tsy nampoizina: Abarahama (mpandainga); Saraha (mpisalasala), Josefa (mpahita fahitana), Estera (be fatahorana), Davida (mpiray tsikombakomba amin'ny vonoan'olona) Jakôba sy Jaona (zana-baratra), Tômasy (tsy manam-pinoana), Petera (mpamadika), Maria (be alahelo sy tomany), Paoly (mpanenjika). Rehefa voaovan'ny hafatry ny fahasoavana sy ny fampihavanana izy ireo dia nanozongozona an'izao tontolo izao! Ary ankehitriny, ny tantaram-piainan'izy ireo, dia mbola manandratra antsika hatrany hatrany.

Miantso antsika rehetra Andriamanitra, amin'ny maha-ratsam-batany antsika, mba hirotsahantsika an-tsehatra eo amin'ny iraka ampanaoviny ho famonjena izao tontolo izao. Tombontsoa lehibe manao ahoana re izany hiara-miasa Aminy izany, manao zavatra izay ahazoana vokany maharitra mandrakizay, mitondra fampihavanana, ary manomana ny olona ho amin'ny fiverenan'i Jesôsy tsy hay lazaina! Eo anivon'ireo

rendrarendra, fihetsiketsehana, ny fizahozahoana, izay mamaritra ny tontolo misy antsika, ny asa toy izany dia mitaky fanolora-tena sy faharisihana antsitrapo avy amintsika. Mila ny tsirairay avy amintsika Andriamanitra.

Tian'Andriamanitra hiara-miasa isika satria ametrahany olona azontsika tratrarina amin'ny alalan'ny fahaiza-manao ananantsika manokana eny amin'ny lalana alehantsika.

Ohatra, napetrak'Andriamantira teo amin'ny lalan'i Brian Nichols ny olona iray, ary ny fijoroana ho vavolombelona nataon'io olona io dia tena nifanojo manokana taminy mba hikasika ny fony. Hanao tahaka izany ihany koa Izy amintsika raha toa ka maniry ny hanompo Azy isika ary hanaiky ny tenantsika ho fitaovana ampiasainy. Afaka mizara lesona notsoahina avy tamin'ny fifandraisana amin'i Jesôsy isika rehetra. Nisy fotoana ve ianao tsy tafita, nisy fotoana ve ianao voaratra? Efa nampaherezin'i Jesôsy sy nositritraniny ve ianao? Tamin'ny fomba ahoana no niasan'Andriamanitra teo amin'ny fiainanao? Izany no hafatra izay iantsoany anao mba holazainao. Inona ny zavatra mahaliana anao, inona ny fialambolinao, inona ny antsonao? Maniry ny hampiasa ny maha-ianao anao manontolo Andriamanitra ao amin'ny asany mba ho famonjena izao tontolo izao.

Araka izany, ny tsirairay avy amintsika dia manana fijoroana ho vavolombelona tokana, fanandramana eo amin'ny fiainana tokana, antso manokana. Kanefa mety hanontany tena ianao angamba hoe tsy manana na inona na inona hozaraina aho! Olona tsy avara-pianarana aho, tsy mitazona andraikitra na toerana ambony eo amin'ny fiarahamonina! Na izany aza anefa dia manana zavatra ihany ianareo: azonareo atao ny milaza amin'ny olona hafa mikasika ny zavatra nataon'Andriamanitra ho anareo.

Tiako ny fanazavan'i Ellen White mikasika ireo demoniaka roa (Mat. 8:28 – 34; Mar. 5:1 – 20)

*"Ireo demoniaka roa sitrana no misiônera voalohany izay nalefan'i Kristy hampianatra ny filazantsara tany amin'ny faritanin'i Dekapolisy. Fotoana fohy fotsiny no nandrenesan'ireo lehilahy ireo ny teniny. Tsy mbola nisy toriteny nivoaka ny molony ren'ny sofiny. Tsy afaka nampianatra ny olona tahaka ny fahaizan'ny mpianatra izay niara-dia tamin'i Kristy isan'andro izy. Nefa kosa afaka nilaza izay fantany izy; izay hitan'ny tenany, izay reny sy tsapany tamin'ny herin'ny Mpamonjy. Izany no azon'ny tsirairay izay manana fo voatohin'ny fahasoavan'Andriamanitra atao. Io no fijoroana ho vavolombelona iantsoan'ny Tompo antsika, ary ny tsy fisian'izany no mahavery an'izao tontolo izao."*[4]

Apetrak'Andriamanitra eo amin'ny lalantsika ireo olona izay azontsika hanaovana asa fanompoana amim-pahombiazana araka izay azo atao. Azon'i Ashley Smith izany: eny, fa na dia amin'ny olona hafahafa indrindra aza, eny, fa na dia any amin'ny toerana tsy mampino indrindra aza, manome tombontsoa ho antsika Andriamanitra hahafahantsika mizara ny hafany feno fahasoavana sy fampihavanana. Raha toa ka tsy miraharaha izany isika dia loza ho an'ny tenantsika izany! Ny baiko ho amin'ny fizaràna ny vaovao mahafaly (Mat. 28:19,20) tokoa mantsy dia tsy natao horaisina tahaka ny "soso-kevitra ho amin'ny fizaràna ny vaovao mahafaly" fotsiny. Ny fomba tsara indrindra hanombohana izany dia ny fizaràna izay zavatra nataony ho antsika miaraka amin'ireo olona mifanerasera amintsika, na aiza na aiza toeram-ponenantsika, ary na iza ireo olona ireo na iza. Miasa eto amin'izao tontolo izao Andriamanitra!  Moa ve ianao hirotsaka antsehatra ka handray anjara amin'ny asany?

*CHERYL DOSS,*
talen'ny "Institut Missionnaire Mondial" eo anivon'ny Foibe maneran-tany, manana ny mari-pahaizana Doctorat.

**FANONTANIANA HOSAINTSAININA SY HOZARAINA**

1. Nahoana no mazàna isika mahatsapa fa tsy manana zavatra hozaraina amin'ireo olona eo amin'ny manodidina antsika?

2. Afaka mitanisa tantara hafa ao amin'ny Baiboly ve ianao izay ahitana ny fampiasan'Andriamanitra olona mpitondra hafatra tsy nampoizina?

3. Ahoana no ahafahantsika mihaona amin'olona mila mihaino ny fijoroana ho vavolombelona ataontsika?

---

1 - Times, 20 Martsa 2005.
2 - Fifampiresahana tamin'i Katie Couric, Yahoo News, 15 Septembre 2015.
3 - Ellen G. White, IFM, t. 193
4 - Ellen G. White, TM, t.69

# IRAKA MITONDRA FANOVANA

*"Andeha hanaraka Ahy, fa hataoko mpanarato olona hianareo."*
*(Mat. 4:19).*

Io antso nataon'i Jesôsy io dia tsy inona fa antso ho amin'ny asa misiônera. Araka izany, niantso ny mpianany ny Tompo, ary ny fikasany dia ny hahatonga azy ireo ho misiônera. Kanefa tamin'ny fomba ahoana no nahatonga ireo olona tsotra mpanjono ireo ho lasa vavolombelona maherin'Andriamanitra?

Araka ny fahafantarako ny tenako dia naniry ny hanompo an'Andriamanitra tamin'ny foko manontolo foana aho. Kanefa, ny fifandraisako Aminy – amin'ny alalan'ny fizotran-javatra tsy nampoizina sy matetika sarotra – dia nahafahako nahatsapa bebe kokoa ny fahadisoako marobe sy ny fironako mora foana hanota. Koa nahoana anefa Izy no nampiasa ny faniriako marina te hiova sy te hijoro ho vavolombelona, mba hanehoany amiko ny zavatra ao am-poko izay mifanohitra tanteraka Aminy?

Tsotra ny antony: rehefa miantso antsika i Jesôsy mba hiara-miasa Aminy ao amin'ny asany, dia alefany eo amin'ny lalana mitondra fanovana isika, mba hahatsapantsika voalohany indrindra fa tena mila Azy tokoa isika.

**Fanovana Misy Dingana Telo**

Ny fanaovana batisa an'i Jesôsy dia mampisongadina dingana iray izay votoatin'ny fanovana ara-panahy ary koa fototry ny valintenintsika ny amin'ny baiko ho amin'ny fizaràna ny vaovao mahafaly: *"Koa mandehana hianareo, dia ataovy mpianatra ny firenena rehetra"* (Mat. 28:19). Io batisa io dia nanokatra misitery iray izay nanozongozona izao tontolo izao. *"Ary Jesosy koa efa natao batisa sy nivavaka, dia nisokatra ny lanitra; ary ny Fanahy Masina nidina teo amboniny, ka ny endriny dia tahaka ny voromailala"* (Lio. 3:21,22). Marihina fa ireo dingana telo misesisesy ao amin'io toko sy andininy io – ny fahafatesana, ny vavaka ary ny firotsahan'ny Fanahy Masina – dia miafara amin'ny asa misiônera izay feno hery mihoatra noho ny herin'olombelona. 'Ndeha hofakafakaintsika ny tsirairay avy amin'izy ireo.

**Ny Fahafatesan'ny Izaho.**

Izany no asongadin'ny fandevenana an'i Jesôsy ao amin'ny rano. Ny fahafatesana dia mialoha hatrany ny fanovana, satria izany no manome ny toerana ilain'Andriamanitra mba hahafahany miseho amintsika.

Kanefa aoka tsy hohadinointsika: *"Tsy natao batisa ho fiaikena ny heloka vitany Jesosy. Nampitoviany tamin'ny mpanota ny tenany, ka nandeha tamin'ny dingana tokony hataontsika Izy; ary nanao izay tokony ho nataontsika koa. Ohatra ho antsika ny fiainany feno fijaliana sy fihafiana amim-paharetana."*[1]

Araka ny voalazan'i Jesôsy dia fepetra takina amin'ny mahampianatra ny fahafatesana. *"Raha misy ta-hanaraka Ahy, aoka izy handà ny tenany, dia hitondra ny hazo fijaliany isan'andro ka hanaraka Ahy."* (Lio. 9:23). Ny antso ataon'i Jesôsy amintsika ny amin'ny hitondrantsika ny hazo fijaliantsika sy ny hanarahantsika Azy dia tsy antso ho amin'ny fitondrana zavatra mavesatra izay hahatonga ny fiainantsika ho fadiranovana tsy akory. Io antso io dia niantsoana antsika mba ho faty, ary hilazantsika miaraka amin'i Paoly manao hoe: "Voahombo miaraka amin'i Kristy amin'ny hazo fijaliana aho". Araka ny voalazan'i Ellen White hoe: "Mila miantehitra tanteraka amin'i Kristy isika mba ahazoantsika hery. Tsy maintsy maty ny izaho."[2]

> "Rehefa miantso antsika hiara-miasa Aminy ao amin'ny asany i Jesôsy, dia alefany eo amin'ny lalana izay mitondra fanovana isika."

Mba hahafahantsika manaraka an'i Jesôsy, dia tsy maintsy maty ny amin'ny tenantsika isan'andro isika. Amin'izay fotoana izay ny fiainantsika dia lasa *"fanatitra velona"* (Rôm. 12:1). Koa satria tsy avy amin'ny sitrapontsika na avy amin'ny faneriterena ny fahafatesantsika ny amin'ny izaho, dia afaka mitondra antsika amin'ny lalana tsy ampoizina no sady ratsy araka ny fijerin'ny olombelona i Jesôsy, mba hahatsapantsika miharihary ny fahalementsika sy ny fahamelohantsika – mampirisika antsika izany hanolotra ho Azy izay rehetra ananantsika sy izay rehetra mahakasika antsika.

**Ny Vavaka Fanomanana.**

Tsy misy zavatra tsara na inona na inona ao anatintsika izay manosika antsika hampilefitra ny lohalitsika hitalaho sy hangataka amin'Andriamanitra mba hanehoany ny Tenany amintsika. Araka izany, dia mila ilay fanomanana, izay nangatahan'i Jesôsy teo amin'ny onin'i Jôrdana isika: "Toa tafiditra ny lanitra no fijery ny Mpamonjy raha

nipololotra avy tao amin'ny fanahiny ny fivavahana. Fantany tsara ny efa nanamafisan'ny fahotana ny fon'ny olona ary fantany tsara koa fa sarotra aoka izany ny hampahafantatra azy ireo ny haben'ny asa nanirahana Azy sy hamapanaiky azy ireo ny fanomezam-pahsoavan'ny famonjena. Nitalaho hery tamin'ny rainy Izy hoentiny mandresy ny tsy finoan'ireo sy hoentiny manapaka ny gadra izay namatoran'i Satana azy, ary hoentiny mandresy ilay mpandringana azy ireo."[3]

Ny hery avy any ambony irery ihany no afaka manova ny olombelona lavo ho lasa fitaovana mahomby ho an'ny fikasan'Andriamanitra ho an'ity izao tontolo izao ity. Saingy tsy ho tonga amintsika ny hery lehibe tahaka izany raha tsy amin'ny alalan'ny valin'ny vavaka mafana. "Tokony handefa fangatahana isan'andro amin'Andriamanitra ny mpiasa tsirairay mba handraisany ny batisan'ny Fanahy isan'andro"4. Ary izany indrindra no nataon'i Jesôsy: taorian'ny batisany dia nivavaka tamin'ny Rainy Izy ka nirotsaka Taminy ny Fanahy Masina.

**Ny Filatsahana Na Batisan'ny Fanahy Masina.**

Inona no vokatry ny firotsahan'ny Fanahy Masina teo amin'i Jesôsy? Manome famantarana roa mikasika izany i Lioka. Voalohany, *"Ary Jesosy feno ny Fanahy Masina dia niverina avy tany Jordana, ary nentin'ny Fanahy tany an-efitra"* (Lio. 4:1,2). Nandresy an'i Satana ny Tompo satria "feno ny Fanahy Masina" Izy. Faharoa, *"Ary Jesosy niverina tamin'ny herin'ny Fanahy nankany Galilia (...) Ary Izy nampianatra teny amin'ny synagogan'ny olona ka nankalazain' izy rehetra.*" (and. 14, 15)

Tany amin'ny sinagôgan'i Nazareta dia nohazavain'i Jesôsy ny mikasika ny batisan'ny Fanahy izay natao taminy. *"Ny Fanahin'i Jehovah no ato amiko, satria nanosotra Ahy hitory teny soa mahafaly amin'ny malahelo Izy; naniraka Ahy hitory fandefasana amin'ny mpifatotra Izy, sy fampahiratana amin'ny jamba, hanafaka izay nampahorina, hitory ny taona ankasitrahan'i Jehovah"* (And. 18,19). Ny batisan'ny Fanahy no nahafahan'i Jesôsy nandresy an'i Satana ary nanambara ny hafatry ny filazantsara tamin-kery.

Natao ho antsika ihany koa io batisan'ny Fanahy io! Nilaza i Jaona mpanao batisa fa i Jesôsy no *"hanao batisa anareo amin'ny Fanahy Masina sy ny afo"* (Mat. 3:11; Mar. 1:8; Lio. 3:16). Ary mbola hoy koa izy fanampin'izany: *"Izay ho hitanao idinan'ny Fanahy sy itoerany, dia Izy no Mpanao batisa amin'ny Fanahy Masina."* (Jao. 1: 33)

**Amin'ny Alalan'ny Herin'Andriamanitra Irery Ihany**

Amin'ny maha-mpianatra antsika, izay nantsoina mba ho misiônera, dia miantehitra tanteraka amin'io batisan'ny Fanahy Masina io isika.

Nandritra ny fiainako manontolo dia nohamafisin'Andriamanitra tato amiko izany fahamarinana izany. Efa ho 20 taona izao no nianteheran'ny foko tamin'ny hery hafa avy any ivelany, dia hery ara-panahy izay manaitaitra ny fo, satria ny herin'ny tenako manokana tsy ampy. Indrisy anefa, na dia pasitora aza aho, dia misy fotoana manao ny asan'Andriamanitra amin'ny herin'ny tenako manokana ao anatin'ny fotoana maharitra mialoha ny hahatsapako fa misy zavatra tsy mandeha amin'ny laoniny amin'ny zavatra ataoko. Izany zavatra izany dia zava-misy marina izay mitranga amiko sy amintsika rehetra. Raha tsy eo ny herin'Andriamanitra, izay hery hafa ivelan'ny herin'ny tenantsika, dia tsy ho tonga mpianatra voaova na oviana na oviana isika, ary vokatr'izay, dia tsy ho lasa mpitondra hafatra marina mikasika ny toetra sy ny drafitr'Andriamanitra isika.

Andriamanitra no manoritra ny lalantsika mba hanehoany fa raha tsy eo Izy dia tsy afaka hanao na inona na inona isika (Jao. 15:5); ampianariny isika mba ho faty isan'andro amin'izay zavatra kasaintsika atao mandritra ny andro, ary ampianariny isika mba handalina ny faniriantsika ny amin'ny fampitaovana izay atolony antsika ho amin'ny asa fitorina, i Jesôsy kosa hanao batisa antsika isan'andro amin'ny Fanahy Masina. Amin'izay isika vao afaka miasa amin-kery eo amin'ny manodidina antsika, izay hahatankina an'i Satana ary hitarika fiainan'olona maro ho voaova.

*GAVIN ANTHON,*
*Pasitora mitandrina ny fiangonana any Dublin any Irlande.*

**FANONTANIANA HOSAINTSAININA SY HOZARAINA**

1. Inona no maha-samy hafa ny antso natao tamin'ny apôstôly sy ny antso atao amintsika amin'izao vanim-potoana izao?

2. Inona no atao hoe "batisan'ny afo"?

3. Notarihin'Andriamanitra tamin'ireo dingana telo voalaza tetsy ambony ve ianao? Tamin'ny fomba ahoana?

1 - Ellen G White, IFM, t. 98
2 - Idem, Testimonies for the Church, Pacific Press Pub. Assn., Mountain View, Calif., 1948, Vol.5, p. 219.
3 - Idem, IFM., tt. 99, 100
4 - Idem, VM., t. 46

# ASA FITORIANA, MARIKY NY FAHAIZA-MAMANTATRA NY ZAVA-MITRANGA SY NY FAHAIZA-MANGORAKA.

Azafady kely ange Ramose, voavonjy ve ianao?” Teo ampanaovana maimaika ny tsenako teo amina toeram-pivarotana iray aho. Rehefa nahare izany fanontaniana izany aho dia nitodika. Indro hitako manoloana ahy ny tovolahy iray sahabo eo amin’ny 20 taona eo ho eo, izay hita toa manana endrika matotra tokoa.

“Ahoana tsara, hoy ianao, azafady?” Hoy aho. Tsy azoko tsara angamba ny fanontaniany! “Eny àry . . . Efa nosasana tao amin’ny ran’ny Zanak’Ondry ve ianao?” Tsy niandry ny valinteniko akory (valinteny izay milaza fa manaiky aho!) ity tovolahy mafana fo mpitory ny filazantsara ity fa avy hatrany dia niboredidredika tamiko, tao anatin’ny roa minitra namintina ny Filazantsara izay feno voambolana ara-teôlôjika. Hany ka rehefa vita ny teniny vao nahavita nandresy lahatra azy aho nilaza taminy fa efa Kristianina ny tenako.

Raha nanohy ny tsenako aho, dia nieritreritra ny amin’ny zavatra izay vao avy nitranga. Tena deraiko ny herim-po sy ny hafanam-pon’ity tovolahy ity – tsy hita soritra teo aminy mihitsy ny tahotra ny holavin’ny olona na ny tsy hankasitrahan’ny olona. Na dia izany aza anefa dia nisy fahatsapana tebiteby, eny, alahelo mihitsy aza, tsapako nanenika ny tenako. Firy ny olona tafintohina tamin’izany fomba fanatonana olona izany? Ahoana ny fomba hahafahantsika mahafantatra ny hevitry ny hoe “voasasa ao amin’ny ran’ny Zanak’ondry” raha tsy efa Kristianina nateraka indray isika?

Manana zotom-po mahafinaritra io tovolahy io, kanefa etsy andanin’izay dia tsy feno tanteraka ao aminy ny fahaizana manimbolo izay zavatra mety manafintohina ireo olona kendreny hihaino azy. Manahy mafy aho fa ity fomba firesahana ity, na dia azo lazaina fa afaka manatratra olona maro aza, dia mety hiteraka fisalasalana ihany – mba tsy hitenenana hoe mety hahatonga ireo olona maro an’isa antenaina hiova fo, hanjary manao zavatra tsy am-piheverana.

**Mamantatra Ny Zava-Misy, Izay Vao Miresaka**

Rehefa eo am-panefana ny iraka nampanaovina antsika isika, tsy inona izany fa ny filazana amin’izao tontolo izao ny hafatra farany avy amin’Andriamanitra ny amin’ny famindrampony, dia tahaka ny

voajahanary avy aty amintsika ny mitory io hafatra io araka izay itiavantsika azy sy tsy itiavantsika azy, araka ny fanandramana niainantsika sy ny zavatra ilaintsika manokana. Kanefa, raha toa ka tsy azontsika mazava tsara sy tsy haintsika ny milaza ny zavatra tiantsika hotratrarina dia tsy hanambara na inona na inona amin'ny olona torintsika ny hafatra entintsika. Mila fantarintsika ny zavatra tian'ny olona sy tsy tiany, mila fantarintsika ny fanandramana iainan'izy ireo sy ny zavatra ilainy manokana. Aorian'izay, rehefa mirongo io fahalalana io tahaka ny fitaovam-piadiana isika, dia tsy maintsy miezaka milaza ny hafatra amin'ny fomba tsara indrindra hahazoany azy.

Azo fintinina tahaka izao izany fomba fiasa izany: *"Tamin'ny Jiosy, dia tonga toy ny Jiosy aho, [...]; tamin'izay ambanin'ny lalàna, dia tonga toy izay ambanin'ny lalàna aho, [...]; tamin'izay tsy manana lalàna, dia toy izay tsy manana lalàna[...]; efa tonga zavatra rehetra aho amin'ny olona rehetra, mba hamonjeko ny sasany na iza na iza."* (1 Kôr. 9:20 – 22)

Voalohany indrindra, i Paoly dia niezaka namantatra ny olona nokendreny hihaino azy: ny Jiosy, ireo olona ambanin'ny lalàna, ary ireo olona tsy manana lalàna. Taorian'izay izy vao niresaka tamin'ireo olona ireo araka ny fomba fijeriny avy. Ny ohatr'i Jesôsy aza dia mahatonga antsika hanao dingana iray fanampiny. I Paoly, eto amin'ity tontolon-kevitra ity dia miezaka mamantatra antokon'olona, fa i Jesôsy kosa, nampiasa izany fomba fiasa izany tamin'ny olona rehetra.

Irin'ny Tompo ny hilazantsika ny fahasoavany amin'ny fanahy rehetra, sy ny hanaovantsika ezaka manokana ny amin'izany araka izay tratrantsika. Izany no fomba fiasany fony Izy tetỳ an-tany. Ny asany dia saika ahitana fihaonana sy fifanatrehana manokana tamin'ny isam-batan'olona hatrany. Noraisiny hoe fanahy iray monja no mpihaino azy.

Ankoatra ireo antokon'olona, dia niezaka ny hamantatra ny isam-batan'olona manokana ihany koa i Jesôsy, ohatra amin'izany ilay vehivavy sirô-foinikanina (Mar. 7:24–30), ilay fariseo iray (Lio. 11:37–44), ilay lehilahy iray mpamory hetra (Lio. 19:1–10), ilay lehilahy malemy (Jao. 5:1–15), ilay vehivavy iray mpijangajanga (Jao. 8:1–11). Taorian'izay dia nambarany tamin'ireo olona ireo ny hafatra araka ny fomba fahazoan'izy ireo azy avy.

Mba hahatonga antsika hahomby amin'ny iraka ampanaovina antsika dia 'ndeha harahintsika io fomba fiasa io! Voalohany indrindra, mila miezaka isika hamantatra amin'ny fomba fijery manokana ny mambra tsirairay ao amin'ny ankohonantsika, ny mpifanolo-bodirindrina amintsika, ny mpiara-miasa amintsika, ny namantsika, ny fahavalontsika, ary "ny olona rehetra". Aorian'izay dia hambarantsika amin'izy ireo ny hafatra araka ny fomba fijeriny manokana. Raha toa ka sarotra amintsika ny

mamantatra tanteraka ny fomba fijerin'ireo namantsika, dia azontsika atao kosa etsy an-danin'izay ny mametraka ireto fanontaniana manaraka ireto amin'ny tenantsika: Inona ny zavatra tena tian'izy ireo, inona ny zavatra tena ankahalainy mihoatra noho ny zavatra rehetra? Inona ny fanandramana niainany tamin'ny fotoan-dasa sy ny fanandramany ankehitriny izay tena misy fiantraikany amin'izy ireo? Inona ny zavatra tena ilainy indrindra? Rehefa avy nikaroka ny valin'ireo fanontaniana ireo tamim-paharetana isika, dia mila maharitra hatrany mba hahafahantsika mahalala hoe aiza no mihaona ireo valinteny ireo sy ny hafatra entintsika. Ny fomba fiasa tahaka izany dia hanome antsika ny fitaovana tsara indrindra hahafahantsika manefa ny iraka nampanaovina antsika miaraka amin'ny fahaizan'i Jesôsy mamantatra ny zava-misy sy ny fahaizany mangoraka.

### Ny fanalahidin'ny fahombiazana: ny fomba fiasan'i Jesôsy

Misy ohatra maro be mikasika io fomba fiasa io ao amin'ny Baiboly. Ao amin'ny 2 Sam. 12, dia nirahin'Andriamanitra i Natana hitondra hafatra ho an'i Davida. Ahoana ny fomba hanambaran'ity mpaminany ity amin'ilay mpanjaka feno fahefana, ny amin'ny fahotana mahatsiravina vitany? Fantatr'i Natana fa tia zanak'ondry i Davida, ilay zaza mpiandry ondry fahiny. Fantany ihany koa fa i Davida, izay mpanoratra ny Salamo 12, dia nankahala "ny fampahoriana ny ory" (and. 5). Araka izany dia nampiasainy ny valin'ny fanontaniantsika voalohany: ny famantarana. Afaka nampita tsara tamim-pahombiazana ny hafany i Natana, tamin'ny alalan'ny fanavahany ny fifandraisana nisy teo amin'ny zavatra nitranga sy ny hafatra nentiny.

Hitantsika ao amin'ny Jao. 4 ny ohatra iray hafa maneho io fomba fiasa io. Nihaona tamina vehivavy samaritana iray teo amin'ny fantsakan'i Jakôba i Jesôsy (Jao. 4). Taorian'izay ity vehivavy samaritana ity dia nandeha nilaza ny momba an'i Jesôsy ka nanao hoe: "Andeha hizaha izaroa Lehilahy izaroana, Izay nilaza tamiko ny nataoko rehetra" (Jao. 4 : 29). Nambarany fa izay zavatra rehetra nolazain'i Jesôsy mahakasika azy dia nanamarina fa Izy tokoa no Mesia (Jereo ihany koa ny and. 39). Mazava ho azy fa tsy nambaran'i Jesôsy avokoa izay zavatra rehetra nataony, fa izay fanandramana manaitra sy mandresy lahatra teo amin'ny fiainany ihany! Noferan'i Jesôsy teo amin'ireo fanambadiana tsy nahomby sy ny tokantrano tsy ara-dalàna niainan'ity vehivavy samaritana ity ny resaka nataony. Taorian'izay dia nampifandraisiny ireo fanandramana ireo sy ny hafany ny amin'ny maha-Mesia ny Tenany, tamin'ny fomba firesahana feno fitiavana sy fanajana tamin'ilay vehivavy.

Tao anatin'izany fifampiresahana amim-pitiavana izany dia nandresy lahatra an'ity vehivavy samaritana ity Jesôsy fa efa voavakiny ireo

tsiambaratelom-piainany. Kanefa teo an'ivon'izany dia tsapan'ity vehivavy ity ho toy ny namany i Jesôsy, ary tsapany fa niantra sy tia azy Izy.

Raha ny fahadiovan'ny fanatrehan'i Jesôsy fotsiny ihany no resahina dia efa manameloka ny fahotan'ilay vehivavy samaritana, kanefa Jesôsy tsy nanao teny manameloka azy na dia kely akory aza. Ny zavatra nambarany tamin'ilay vehivavy aza dia ny mikasika ny fahasoavany, izay afaka mamelona indray ny fanahiny. Tampoka teo, nisy fandresen-dahatra ny amin'ny toetran'i Jesôsy nanomboka nitsiry tao am-pon'ity vehivavy ity. Nanontany tena izy hoe, moa ve mety ho ity lehilahy ity no Kristy, ilay efa nandrasana hatry ny ela?

Farany, misy ohatra iray hafa izay maneho io fomba fiasa io, ao amin'ny fifampiresahan'i Jesôsy tamin'i Nikôdemosy (Jao. 3). Fantatr'i Jesôsy fa ny zavatra tena nilain'i Nikôdemosy, dia tsy valinteny manohitra ireo adihevitra malaza izay manamarina ny amin'ny maha-Mesia marina Azy na tsia, (Jereo ny Jao. 7:50-52), na fanazavana ny filazantsara tamin'ny fomba feno fahaizana amam-pahalalana, izay mety hahafinaritra ity mpitarika ara-pivavahana sy manam-pahaizana ambony ity ny fihainoana azy. Na dia azo lazaina aza fa nety ho naniry te hifampiresaka tamin'ny alalan'izany fomba fifampiresahana ambony sy avo lenta izany i Nikôdemosy, ny zavatra tena nilainy maika indrindra dia tsy hafa amin'ireo zavatra nilain'ireo mpanota tsy mahalala na inona na inona sy ireo mpivaro-tena tsy mivavaka: tsy maintsy niaiky ny filany fanavaozana tanteraka eo amin'ny fanahiny sy ny fikasany ary ny faniriany i Nikôdemosy. Raha fintinina dia tsy maintsy hateraka indray izy. (Jao. 3:7)

**Voaterin'ny fitiavana**

Lesona lehibe tsy takatry ny saina no tsoahina avy ao amin'ireo ohatra ireo! Ny atao hoe manatanteraka iraka, izay mariky ny fahaizana mamantatra ny zava-misy sy ny fangorahana, dia tsy filazana amin'ny olona hafa izay zavatra mampangidihidy sofina azy, fa ny filazana kosa amin'izy ireo ny zavatra ilain'ny fanahiny, amin'ny fomba tsara indrindra ahafahan'izy ireo mahazo izany.

Inona àry ny zavatra tian'izy ireo indrindra? Inona ny zavatra ankahalainy indrindra? Inona ny fanandramana niainany tamin'ny lasa izay nisy fiantraikany be dia be teo aminy? Inona ny zavatra tena ilainy indrindra? Ny fifampiresahana, izay manisy lanja ireo fanontaniana ireo, dia mahatonga antsika ho afaka handray anjara hamita ny iraka ao anatin' ny fahaiza-mamantatra tsara ny zava-misy sy ny fahaiza-mangoraka.

Araka ny voalazan'i Paoly, *"Ny fitiavan'i Kristy no manery anay"* (2 Kôr. 5:14)! Izany no tena antony lehibe indrindra manosika anay.

Rehefa mandinika ny fitiavana feno faharetana sy halemem-panahy ao amin'i Jesôsy, izay atolony ho antsika isika, dia mitombo ho azy ny faniriantsika hanaparitaka izany fitiavana izany. Rehefa mandinika ireo fomba maro be izay ezahan'i Jesôsy hifampiresahana amintsika isika, amin'ny alalan'ny zavatra tiantsika sy tsy tiantsika, amin'ny alalan'ny fanandramana niainantsika izay nisy fiantraikany teo amintsika, amin'ny alalan'ny zavatra tena ilaintsika, amin'izay fotoana izay dia hitombo ho azy ny faniriantsika te hifampiresaka amin'ireo namantsika araka ny fomba fijeriny manokana. Ary rehefa miangavy amin-kafanam-po an' Andriamanitra isika, araka ny teny fampanantenana efa nomeny, mba handrotsahany ny fitiavany aty am-pontsika amin'ny alalan'ny Fanahy Masina (Rôm. 5:5), amin'izay fotoana izay dia handray bebe kokoa hatrany io fitiavana io isika, izay manosika antsika hizotra amin'io làlana io. Enga anie isika samy ho afaka hilaza ny fahamarinana mandrakizay amin'ny fomba voalanjalanja amin'ireo namantsika sy mpiara-belona amintsika, noho ny fahasoavan'Andriamanitra!

*Ean Nugent,*
*mpamorina rindrambaiko ("logiciel" na prôgrama fampiasa amin'ny solosaina) ho an'ny Foibe Maneran-tanin'ny Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro fahafito.*

**FANONTANIANA HOSAINTSAININA SY HOZARAINA**

1. Inona ny zavatra mampahatahotra anao indrindra rehefa mieritreritra ny hanatratra ireo olona tsy dia manana zavatra hitovizana aminao ianao?

2. Ianao ve manana namana, izay tsy misy mampitovy anareo eo amin'ny lafiny ara-pivavahana sy ara-kolontsaina afa-tsy zavatra kely monja? Hazavao fohifohy izany finamananareo izany.

3. Rehefa miezaka mampahafantatra an'i Kristy amin'ny hafa ianao, ahoana no ahalalana raha toa ka efa azo atao ny miroso amin'ny "dingana manaraka"?

## NY FOMBA FIASAN'I KRISTY: MANATANTERAKA NY IRAKA AMIM-PITIAVANA

*Dingana dimy ho amin'ny fijoroana ho vavolombelona mahomby*

Tamin'ny taona 1901, tao New York. Nandany lalàna iray mahakasika ireo tranobe fonenana maharikoriko ny mpanao lalàna tao an-tanàna, mba hanovana azy ireny ho azo antoka sy mahasalama kokoa. Voalohany indrindra izao no nampitotongana ny tsenam-barotr'i New York. Rendrika, teo ambanin'ny onjan'ny hafanana mahafaty teo amin'ny tantarany ilay tanàna. Tamin'io taona io ihany, teo amin'ny faha-68 taonany, i Stephen Haskell — misiônera advantista zokiolona indrindra — sy i Hetty vadiny, dia tonga tany New York, tamin'ny maha-misiônera azy ireo.

Araka izany, ny fianakaviana Haskell, rehefa nandany ny fiainany tany ambany vohitra, dia nifindra tany an-tanàn-dehibe be mponina, tao amina tranobe fonenana iray tsy lavitra ny Central Park. Nanahy ny ho very tao anatin'ireo vahoaka marobe i Stephen Haskell. « Aoka, ry rahalahy, mba tsy hohadinoinareo ny mivavaka ho anay, hoy izy nanoratra. Ary aza hadinoina ny adiresy: 400 West 57th St., New York »[1]

Sondriana erỳ Stephen Haskell nahita ireo tranobe mijoalajoalan'andrenivohitra, izay antsoin'izy mivady hoe fonenany ankehitriny. « Monina ao amina trano lehibe misy rihana fito ahitana fianakaviana 53 izahay, hoy izy nanohy. Misy irony solotohatra mpampakatra (ascenseurs) irony miasa andro aman'alina »[2]

Tsy isalasalana fa niadana kokoa ny fianakaviana Haskell raha nonina teo amin'ny velaran-tany iray na roa hektara tany ambanivohitr'i Nouvelle-Angleterre ! Na teo aza izany rehetra izany dia nanaraka ny torohevitr'i Ellen White izy ireo: raha tokony ho nionona fotsiny tamin'ny fitoriana ny Filazantsara « tany lavitra any » ireo mpianatr'i Kristy, dia tsy maintsy nanaraka ny asa fanompoana tonga nofo nataony — izany hoe, miaina eo anivon'ny fiarahamonina sy manompo azy. Hoy izy nanoratra: « Amin'ny alalan'ny fifandraisana ara-tsôsialy no ahafahan'ny Kristianina mifandray amin'izao tontolo izao. »[3] Ary ambonin'izay: « Ireo mpanompontsika efa manana traikefa dia tokony hiezaka handeha any amin'izay hahafahany mifandray mivantana amin'izay mila fanampiana »[4]

Mazava ho azy, fa izay indrindra ny fomba nampiasain'i Jesôsy mba hanatrarana ny taranak'olombelona. Raha ny mahakasika ny iraka ataony, ny Fiangonana advantista dia nametraka ezaka paikady antsoina hoe « Manatratra Izao Tontolo Izao » izay ao anatin'izany no anarahany ny ohatra napetrak'i Kristy amin'ny maha-môdely Azy. Ao amin'ny famintinana mahazatra ataony, i Ellen White dia manoritsoritra ny hetsika fifangaroana amin'ny hafa ho toy ny voalohany indrindra amin'ireo hetsika dimy iankinan'aina. « Ny Mpamonjy hoy izy, dia:

1. nifangaro tamin'ny olona toy ny anankiray izay nitady ny hahasoa azy ireo.
2. naneho azy ny fangoraham-pony,
3. nanompo teo amin'izay nilain'ireo,
4. ka nahazo ny fitokisany.
5. Rehefa zany dia nibaiko azy Izy hoe: "Manaraha Ahy." »[5]

**Nifangaro Tamin'ny Olona Ny Mpamonjy**

Tsy niononа fotsiny tamin'ny fitoerana tany an-danitra i Jesôsy, tafasaraka tamin'ny taranak'olombelona, ka nandefa ny famonjena tamin'ny alalan'ny fibaikoan-davitra. Hoy i Jaona amintsika: *« Ary ny Teny* [Logos] *dia tonga nofo ka nonina tamintsika »* (Jao. 1:14). Eo amin'ny fomban-drazana grika sy jiosy, ny teny hoe logos dia manan-karena tantara. Ho an'ny Grika, dia mikasika ny voambolana filôzôfika izany, fitsipika mampiray eo amin'ny erana (univers) ka mihazona ny fifandanjan'ny zava-drehetra, sy ny lamina mifehy azy ireo ary ny fifanandrifiany. Etsy an-kilan'izay kosa anefa, ny hoe Logos (Davar amin'ny teny hebreo), araka ny fomba fiheverana jiosy dia mifandraika amin'ny fomba fanehoan-kevitra sy ny fihetsika ary ny lahateny ataon' Andriamanitra.

Tao amin'ny teny mirakitra hevitra maro dia maro sy manana lafiny maro no nanovozan'i Jaona ny fanoritsoritany an'i Jesôsy. Ny Grika dia nihevitra izany ho fitsipika mifehy ny eny amin'ny habakabaka tsy hita maso ka niova ho olona. Ny Jiosy kosa indray, dia nandray an'Andriamanitra ho naneho ny Tenany tamin'ny endrika olombelona hita maso. Tamin'ny fahatongavana ho nofo, ny fahamarinana momba an'Andriamanitra dia nitafy hoditra sy taolana ara-bakiteny tokoa.

Rehefa tonga teto an-tany i Jesôsy, dia tsy mba nanorina ny foibeny tamina toerana manana ny maha-izy azy manokana ka niandry ny olona hanatona azy, fa Izy kosa no nanatona azy ireo. Manambara amintsika i Jaona fa Jesôsy dia nonina teo anivontsika. Ny voambolana grika hoe skenoo dia midika hoe « manorina ny lainy » na « mitoetra anaty lay » (jereo

Jao. 1:14). Noho izany, i Jesôsy, ilay Logos, dia nanorina ny lainy teo anivontsika. Nisotro ny rano izay nosotrointsika Izy, nihinana ny sakafo izay nohanintsika, ary nitomany tahaka antsika koa.

Niteny tamin'ny vahoaka tao amin'ireo sinagôga ny Tompo. Saingy mazàna Izy no nifanena tamina vehivavy mpanota teo am-patsakana tao an-tanàna, nahita mpamory hetra teny ambony hazo, nampahiratra jamba maro teny amoron-dalana feno vovoka. Tamin'ny alalan'ny fanompoana an-kapobeny nataony, ny fampianarany, ny fitorian-teny ary ny fanasitranana nataony no nahazoan'i Jesôsy nanatona antsika (Mat. 9:35). Ao amin'ny Matio 8 sy 9, dia hitantsika Izy nifangaroharo tamin'ireo Jiosy sy jentilisa, ireo lehilahy sy vehivavy ary ireo tanora sy antitra. Nisy olona nikasika azy mivantana (Mat. 9:20), ary nikasika azy ireny koa Izy (Mat. 8:3, 15; 9:25,29). Raha ny marina, dia nifampikasoka tanteraka tamin'ny « mpanota » Izy, hany ka tsy namela fotoana malalaka nahazoana nanomezana tsiny Azy ireo mpitondra fivavahana (Mat. 8:10-13).

Matetika isika no manilika ny fivavahana kristianina any amin'ireo katedraly sy ireo seminera, any amin'ireo foto-pinoana sy fanambarana. Ny tena toerana misy azy anefa dia eny amin'ny lalana rehetra eny, any amin'ny toeram-piasana, any an-trano ary eo amin'ny fiainantsika! Ny fomba fiasan'i Kristy dia mampianatra antsika fa ny iraka ataontsika dia tsy maintsy mihoatra ny fiezahana tsotra fotsiny hisarika ny olona, tahaka ny andraimby ara-panahy, ho ao am-piangonantsika. Marina fa tokony hanintona sy hahay mandray olona ary hanolotra toriteny sy fandaharam-potoana manaitra ny saina ny fiangonantsika. Saingy, ny anjara asany fototra dia ny manamafy orina ireo mambra ao aminy, mamolavola azy ireo, manosika azy ireo hiala avy eny amin'ny dabilio ka handefa azy ireo hifandray amin'ny be sy ny maro. Velona ny fahamarinanana rehefa tanteraka ara-nofo, rehefa mifanojo amin'ny fiainan'ny lehilahy sy ny vehivavy, ny ankizilahy sy ny ankizivavy. Ekena fa zava-dehibe tokoa ireo foto-pinoana, saingy tsy maintsy abaribarintsika eo amin'ny fiainantsika ny fomba fiasan'izy ireny.

### Naneho Tamin'izy Ireo Ny Fangoraham-Pony Sy Nanompo Teo Amin'izay Nilain'izy ireo Ny Mpamonjy

Raha ny amin'ny ohatr'i Jesôsy, ny fifangarohantsika amin'ny mpiara-belona amintsika no porofo fa liana ny amin'izay ilain'izy ireo sy ny mahaliana azy ary ny ankohonany isika. Araka ny filazan'i Ellen White azy, dia maneho ny fangorahantsika amin'izy ireo isika. Izany fihetsika izany dia manoritsoritra ny fomba sy ny fijery izay irin'i Jesôsy hitondrana ny asany: *« Ary nony nahita ny vahoaka Jesosy, dia nahonena Azy ny fijeriny ireo »* (Mat. 9:36). Noho izany, ilaintsika ny miasa amim-pitiavana sy amim-

pangoraham-po iray ihany ho fanatanterahana amim-pahombiazana ny iraka nankinina tamintsika.

Tsy nifangaro tamin'ny olona toy ny mpivarotra iray miezaka mandresy lahatra i Jesôsy, na tahaka ny tompon'andraikitra amin'ny fandraisana mpiasa izay mikatsaka ny hampitombo ny mambra ao amin'ny vondrona pôlitikany. Tonga araka ny maha-Logos velona Azy Izy mba haneho ny fangorahany sy ny fitiavany, mba hitondra fanamaivanana ho an'ireo zanany, mba hanokatra eo anoloan'izy ireo ny fahamarinana momba an'Andriamanitra. Manan-danja tokoa araka izany ny zavatra manosika antsika amin'ny fanatontosana ny iraka manoloana antsika. Tahaka izay ambaran'i apôstôly Paoly hoe *« fa ny fitiavan'i Kristy no manery anay »* (2 Kôr. 5:14). Aoka isika hitondra fanamaivanana ho an'ireo mpiara-belona amintsika, amin'ny alalan'ny fikarakarana ara-pahasalamana, fanabeazana, asa fanampiana eo amin'ny fiarahamonina — na koa amin'ny fitoerana eo anilan'ireo izay mijaly noho ny fahatsiarovana ho manirery — izany ilay fitiavan'i Kristy izay manery antsika.

**Nahazo Ny Fitokisany Ny Mpamonjy**

Raha manaraka ny ohatry fanompoan' i Kristy isika — mifangaro amin'ireo mpiara-belona amintsika, maneho aminy ny fangorahantsika, mitondra fanamaivanana ho azy ireo — dia ho azontsika ny fitokisany. Mitondra rivo-pitokisana ny fisakaizantsika, sy ny fahaizantsika mikarakara ny hafa ary ny fahalianana asehontsika azy ireo. Ny tontolo toy izany dia mitarika azy ireo hisokatra sy haniry ny hanolo-tena tanteraka hiaraka amintsika ho amin'ny fitomboana ara-panahy. Tsy hoe fanamboarana ivelambelany izay apetratsika eo ambonin'ny zavatra hafa rehetra fotsiny izany tsy akory, fa vokatra voajanahary aterak'ireo lafiny hafa amin'ny fomba fiasan'i Kristy. Indrisy anefa fa tsy azontsika atao ny mitarika ny olona ho eo amin'i Jesôsy — izay dingana farany sy lehibe indrindra — amin'ny alalan'ny herin'ny tenantsika samy irery. Eo amin'io dingana io dia ilaintsika ny mangataka ny Fanahy Masina mba hitari-dalana antsika, sy hitady ireo varavarana hatonina, ary farany, mba hiditra ao amin'ireo izay misokatra ho antsika.

Tsy niantso ny Fiangonany ho tonga vondrona hafa mpanao asa fanompoana sôsialy Andriamanitra, eny, fa na dia zava-dehibe tokoa aza izany. Ny rafitra mbamin'ny hery manosika ara-panahin'ny asa fanompoana ataontsika dia tsy maintsy mampivoitra sy hitarika ny zavatra rehetra ataontsika: ny lovia tsiraïray misy lasopy izay zaraintsika, ny seminera mikasika ny fahaiza-mifehy ny raritsaina izay ataontsika, ny sakafo tsy misy hena izay arosontsika any amin'ireo toeram-pisakafoana tsy ahitana hena. Fahadisoan-kevitra tanteraka ny fiezahana hilaza fa tsy

maintsy manaiky ny hafatra entintsika aloha ny olona iray izay vao afaka mandray ireo fikarakarana ara-nofo avy amintsika. Na dia tsy maintsy mampiseho fangorahana aza ny asa fanampiana ataontsika eo amin'ny fiarahamonina, izay tsy mitaky na inona na inona ho setriny, dia zava-dehibe ny tsy fampisarahana izany asa fanampiana izany amin'ny fijoroana ho vavolombelona kristianina.

**Rehefa Izany Dia Nibaiko Azy Izy Hoe: "Manaraha Ahy"**

Nandritra ireo taona maro nifandimby, ny mpino advantista dia nanantitrantitra mafy ny amin'ilay dingana farany izay mikasika ny fanasana ny olona hanara-dia an'i Jesôsy. Seminera sy asa fitoriana an-tapitrisany no vitantsika, ary « pejy voasoratra feno ny fahamarinana » an-davitrisany no naparitaka. Saingy ampaham-potoana manao ahoana no natokantsika ho an'ireo dingana hafa ? Ny fandinganana ny dingana iray amin'ny fomba fiasan'i Kristy, na inona izany na inona, dia fanaovana hitsin-dalana eo amin'ny asa fanompoany manontolo. Mahatonga fahaverezan-kery anefa ny fanaovana hitsin-dalana.

Ekena fa zava-dehibe tokoa ny foto-pinoana, saingy tsy maintsy abaribarintsika eo amin'ny fiainantsika ny fomba fiasan'izy ireny.

Tany am-piandohan'ny taona 1900, dia nidera ny asa nataon'ny fiangonana advantista vao erotrerony tany San Francisco i Ellen White, satria nanaraka ny fomba fiasan'i Kristy izany. Nomeny anaram-petaka hoe « ilay toho-tantely » izany fiangonana izany. Namangy « ny marary sy ny malahelo » ireo mambran'ny fiangonana sy nitady tokantrano ho an'ireo kamboty, ary nanome asa ireo tsy an'asa. Nitety ny isam-baravarana izy ireo, nampianatra momba ny fitandroana ny fahasalamana sy nizara pejy voasoratra. Nanangana sekoly ho an'ireo ankizy teo an-tanàna izy ireo, tany amin'ny lalana Laguna, ary nandritra ny fotoana manokana, dia nandray an-tanana ny asa misiônera ara-pahasalamana sy ny « trano ho an'ireo lehilahy manana asa. »

Teo amin'ny lalana mankany any amin'ny Tsena, akaiky kely ny lapan'ny tanàna, dia nisy trano iray nisy efitra maromaro, izay nitsaboan'izy ireo marary sy nivarotan'izy ireo sakafo ara-boajanahary. Ankoatra izay, tao afovoan'ny tanàna, nisy toeram-pisakafoana izay tsy nanolotra afa-tsy sakafo tsy misy hena, nisokatra nandritra ny enina andro isan-kerinandro. Teo amoron-tseranan'i San Francisco Bay, dia nikarakara asa fitoriana ho an'ireo tantsambo ihany koa ny mpino advantista. Ary raha tsy mbola ampy

izany rehetra izany, dia nanao famelabelarana ara-tSoratra Masina tao amin'ireo efitrano lehibe tany an-tanàn-dehibe izy ireo![6] Ankehitriny, maherin'ny zato taona taty aoriana, dia ohatra tsy manam-paharoa ho antsika ny asa nataony, amin'ny maha-fiangonana izay nohetsehan'ny fitiavana sy nanaraka ny fomba fiasan'i Kristy azy.

**Manatanteraka Ny Fomba Fiasan'i Kristy**

Tsy mora mandrakariva ny manatanteraka ny fomba fiasan'i Kristy. Amin'izao ankehitriny izao, dia tsy manao afa-tsy ny manindry ny bokotry ny fibaikoan-davitra isika dia mivoaka ny garazy ny fiara. Ny mponina an-drehivohitra dia mihidy mafy ao amin'ny trano fonenany ka zara raha mifanena amin'ny mpifanolo-bodirindrina aminy. Tsy manome fotoana firy ho azy ireo mba hifandraisany amin'ny hafa ny tontolo andro tototry ny asa ataony. Ny fomba fiasan'i Kristy anefa dia tsy toe-javatra manokana izay tsy maintsy hanokanantsika fotoana; fa fomba izay hitondrantsika ny fiainantsika manontolo mihitsy. Ny fomba fiasan'i Kristy dia ny fandraisana izay efa misy ka mamolavola izany ho amina tanjona voafaritra mazava.

Ny tena zava-dehibe dia ny fandaniantsika fotoana mifanerasera amin'ireo olona tsy advantista. Mandeha mitsangantsangana ve ianao isan-kariva? Mahafinaritra! Tsy misy zavatra hafa ataonao, afa-tsy ny manasa olona iray tsy kristianina mba hiara-hitsangantsangana aminao. Tsara kokoa noho izay aza: misoràta anarana ao amina fikambanana mpandeha an-tongotra. Azontsika atao ny miditra amina fikambanana isan-karazany: fikambanana mpanao zaridaina, mpanangona hajia isan-karazany, mpamaky boky, sns. Azontsika atao ihany koa ny miara-miasa amin'ireo mpiara-belona amintsika, amin'ny alalan'ireo asa eo amin'ny fiarahamonina.

Misakafo ve ianao isan'andro? Tsara izany! Tsy misy ataonao afa-tsy ny mitady fotoana tsara hiarahana misakafo amin'ireo sakaiza sy olom-pantatra izay tsy advantista. Any amin'ireo kolontsaina manaiky izany, ny toerana tsara indrindra amin'izany dia ny ao an-tokantranonao. Kanefa mety ihany koa na ireo toerana fihinana "pizza" na toeram-pisakafoana hafa aza. Ny zava-dehibe tokony ho tsaroana dia hoe ny fifandraisana mahomby indrindra amin'ny olona matetika dia eo ambony latabatra. Ahoana moa no hahafahantsika mamaly ny filan'ireo mpiara-belona amintsika raha tsy fantatsika akory izy ireny? Mazava àry araka izany fa ilaintsika ny mahalala ireo mpifanolo-bodirindrina amintsika sy ireo mpiray tanàna amintsika, koa noho izany aoka isika hanokana fotoana hifaneraserana amin'izy ireny, hihainoana azy sy hijerena azy ary hahafantarana azy.

Milaza amintsika i Ellen White fa ny fomba fiasan'i Kristy irery « ihany no hanome fahombiazana marina. » Raha ny marina, « ho bebe kokoa ny

vokatra azo raha ahena ny fotoana laniana amin'ny fitorian-teny fa ampitomboina kosa ny fotoana atokana hanaovana asa mivantana. […] Raha ampian'ny hery mandresy lahatra izany, sy ny an'ny fivavahana, ary ny an'ny fitiavan'Andriamanitra, dia tsy maintsy hitondra vokatra ary tsy afaka ny tsy hitondra vokatra izany asa izany.»[7] Hain'i Stephen sy Hetty Haskell ny momba izany, ary dia nampiharin'izy ireo tokoa. Nahafantatra ny amin'izany koa « ilay toho-tantely » tao San Francisco, ary nampihatra izany koa.

Ary isika ? Fantatsika ve izany, ary mba ampiharintsika ve ?

*Gary Krause,*
*mpitantsoratra lefitra, ary talen'ny Asa Misiônera advantista,*
*Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito.*

**FANONTANIANA HOSAINTSAININA SY HOZARAINA**

1. Inona no mety hanosika ny olona iray ho tonga misiônera eo amin'ny faha-68 taonany?

2. Ahoana no hahafahan'ireo olona saro-kenatra hahazo ny fitokisan'ireo olona tsy fantatra?

3. Inona amin'ireo dingana dimy nosoritana teo aloha no heverinao fa lehibe indrindra?

---

1 - Stephen Haskell, ao amin'ny Advent Review and Sabbath Herald, 9 Jolay 1901, t. 14.
2 - Idem., « The Bible Training School in New York City » Advent Review and Sabbath Herald, 12 Nôvambra 1901, t. 11.
3 - Ellen G. White, Le ministère Evangélique, t. 468.
4 - Idem., Testimonies for the Church, Pacific Press Pub. Assn., Mountain View, Calif., 1948, b. 8, t. 76.
5 - Idem., Tana-masoandron'ny Fahasalamana, t. 107.
6 - Ellen G. White, « Notes of Travel—No. 3 : The Judgments of God on Our Cities » Advent Review and Sabbath Herald, 5 jolay 1906, t. 8.
7 - Idem., Tanamasoandron'ny Fahasalamana, t. 107.

# IRAKA, MARIKY NY FAHARESEN-DAHATRA

Ao amin'ny asasorany How to Give Away Your Faith, izay miresaka momba ny asa fitoriana ataon'ny tena manokana, i Paul Little dia mamaritra ny fijoroana ho vavolombelona toy izao manaraka izao : « Faharesen-dahatra lalina ka ny tombontsoa lehibe indrindra azontsika atolotra ny hafa dia ny fitondrantsika azy ireo ho eo amin'i Jesôsy. »[1] Nety ho nanao 'amena' mafy ny amin'izany famaritana izany ireo kristianina voalohany! Na taiza na taiza nalehan'izy ireo dia nizara ny finoany tamim-pahavitrihana sy tamin-kerim-po izy ireo, hany ka na finaritra na nikorontan-tsaina ny mpihaino azy ireo. Ny azo antoka, dia tsy namela olona tsy ho voatohina noho ny finoany izy ireo! Tsy misy zava-mahagaga noho ny hoe, tao anaty fe-potoana fohy monja no nampiely izany tahaka ny vovoka, ka nambabo fanahy an'arivony tao anatin'ny indray andro monja.

Nahatratra ireo mpiara-belona taminy, tamin'ny fomba mahomby indrindra ireo kristianina voalohany vokatr'izany. Inona no heverintsika fa nahatonga fahombiazana toy izany? Inona no azontsika ianarana avy amin'izy ireo? Amin'ny lafiny iray, ny faharesen-dahatra lalina tao anatin'izy ireo momba ny maha-marina sy ny maha-marim-pototra ny Filazantsara no fototry ny voka-tsoa azony. Nahoana? Satria nanova tanteraka ny fiainany izany!

Tsy misy olon-kafa maneho an-tsary mazava kokoa izany mihoatra noho ny apôstôly Paoly, izay ny fanandramana mahafinaritra niainany momba ny fiovam-po sy ny asa fanompoana nanaraka izany, no mitory ny hery manova ao amin'i Kristy. Toy izao no ambaran'ny Baiboly, aorian'ny fitantarana ny fiovam-pon'i Paoly : *« Ary niaraka tamin'izay dia nitory teo amin'ny sinagôga izy ka nilaza an'i Jesosy fa Zanak'Andriamanitra. Ary talanjona izay rehetra nandre ka nanao hoe: Tsy ity va ilay nandringana izay niantso izany anarana izany tany Jerosalema? Ary tonga aty koa izy mba hitondra azy mifatotra ho any amin'ny mpisoronabe. Ary Saoly mainka nihahery, dia nandresy lahatra ny Jiosy izay nonina tany Damaskosy ka naneho marimarina fa Jesosy no Kristy »* (Asa. 9:20-22).

### Faharesen-Dahatra Avy Any Ambony

Misy zavatra iray mipoitra avy amin'ny tantaran'ny fiovam-pon'i Paoly: ny fanandramana teny an-dalana nankany Damaskosy dia nandresy

lahatra azy fa i Kristy dia tena Zanak'Andriamanitra tokoa, Ilay Mesia nampanantenaina. Izany no nanamafy orina ny maha-izy azy vaovao amin'ny maha-kristianina azy, sy nitahiry ny asa nataony tamin'ny maha-misiônera azy. Araka ny teniny manokana, dia *« nohazonon'i Kristy Jesosy izy »* (Fil. 3:12) ary tonga fitaovana nofidiana manokana mba hitondra ny anaran'ny Tompo amin'ny firenena rehetra (Asa. 9:15; 26:15-19; Gal. 1:15,16).

Resy lahatra tanteraka i Paoly, tany aloha, fa ny kristianina dia mpitompo teny fantatra voarotsirotsin'ny fitaka, mpiteniteny foana tsy mendrika afa-tsy ny famaizana mafy indrindra. Nivoady izy noho izany, fa hanafoana ny hery miasa mangin'izy ireo amin'ny fandravana ny Fiangoanana (Asa. 8:3). Saingy na dia teo aza ny hafanam-po diso toerana sy ny toetra mpanenjika tao amin'i Paoly, dia niseho taminy Kristy (1 Kôr. 15:8) ka nampitsimbadika tanteraka ny fiainany. Vokatr'izany, nitory avy hatrany tamin-kerim-po momba an'i Jesôsy i Paoly, dia Ilay nanototra ny hantsana nampisaraka ny lanitra sy ny tany tamin'ny alalan'ny fiainany sy ny fahafatesany ary ny fitsanganany tamin'ny maty.

**Faharesen-Dahatra Mifototra Lalina Ao Amin'i Kristy**

Ny fanandraman'i Paoly dia mampianatra antsika fa ny finoana sy ny fijoroana ho vavolombelona marina dia avy amin'ny fimbanjinana mivantana an'Ilay Kristy nitsangana tamin'ny maty irery ihany. Vokatr' izany, tsy maintsy mandalo eo amin'ny lalan'ny Damaskosy eo amin'ny fiainantsika manokana isika. Na dia mety tsy hampitolagaga tahaka ny fanandraman'i Paoly aza izany, ny fihaonana mitondra famonjena amin'i Kristy dia mitoetra ho fepetra manan-danja indrindra sy famaritana tsara lehibe indrindra eo amin'ny fitoriantsika ny Filazantsara. Sady tsy azontsika atao ange ny mitory izay tsy haintsika akory e! Tsy afaka hijoro ho vavolombelona afa-tsy mikasika izay fanandramana nolalovantsika manokana ihany isika. Raha tsy misy fanandramana toy izany, dia tsy hanan-kery ny finoana kristianina ato anatintsika ary tsy hitera-bokatra ny fijoroana ho vavolombelona ataontsika.

Tsy miantso antsika Andriamanitra mba hizara tsotra fotsiny ny lisitry ny foto-pinoana amin'ireo izay tsy mbola mahatakatra ny momba ny finoantsika. Nantsoina kosa isika mba hitory an'i Jesôsy amin'izy ireny. I Ellen White dia manazava misimisy kokoa ny amin'izany, manao hoe: « Amin'ireo kristianina rehetra, dia ny advantista mitandrina ny andro fahafito no tokony ho voalohany indrindra hitory an'i Kristy eo amin'izao tontolo izao. [...] Tsy tokony hohadinoina anefa ilay votoaty mahasarika, dia i Kristy Jesôsy. »[2]

Toy izany indrindra no nataon'i Paoly. Avy hatrany, taorian'ny fiovam-pony dia *« nitory teo amin'ny synagoga izy ka nilaza an'i Jesosy fa*

*Zanak'Andriamanitra. […] dia nandresy lahatra ny Jiosy izay nonina tany Damaskosy [izy] ka naneho marimarina fa Jesosy no Kristy »* (Asa. 9:20-22). Taoriana kelin'izay, raha tany Atena izy, dia nitory an'i « Jesosy sy ny fitsanganan'ny maty » (Asa. 17:18).

Ny mahaliana dia izao: ny Asa. 9 sy ny Asa. 17 dia samy maneho amintsika ny môdely mifototra amin'ny fomba fitorian'i Paoly ny Filazantsara. Mampianatra antsika zavatra telo fara fahakeliny ireo toko ireo, mikasika ny fomba fanatanterahana am-paharesen-dahatra feno ny iraka mitambaby amintsika.

**1. Nanararaotra ny fotoana malalaka rehetra nahazoana niresaka ny amin'i Kristy i Paoly.** Ho azy, ny fitoriana ny filazantsara, dia tsy fandaharan'asan'ny fiangonana voafaritra manokana, fa fahafinaretana! Nikatsaka mandrakariva ny fotoana rehetra azo nohararaotina mba hizaràna ny finoany izy. Toy izany koa, ny firesahana momba an'i Kristy dia tsy safidy ho an'ny advantista; zavatra tsy maintsy atao izany! Tsy hain'ireo izay nihaona tamin'Ilay Kristy nitsangana tamin'ny maty ny hangina fotsiny.  Vokatr'izany, adidintsika amin'ny maha-kristianina antsika ny mirotsaka isan'andro amin'ny karazana fitoriana filazantsara, na amin'ny fijoroana ho vavolombelona eo amin'ny mpifanolo-bodirindrina sy ny mpiara-miasa amintsika izany, ny fizaràna pejy voasoratra, fanampiana ireo anaty fahasahiranana, na koa fanolorana fianarana Baiboly. Maro tsy tambo isaina ny fomba hizarâna an'i Kristy. Nahoana no tsy hifidy izay mifanaraka kokoa amin'ny toetranao sy ny fanomezam-pahasoavanao ianao?

**2. Vantany vao nahita olona mpihaino i Paoly, dia nanamboatra tsara ny hafatra nentiny ho an'ny mpihaino azy.** Na tamin'ny Jiosy nafana fo tao amin'ny sinagôga, na tamin'ny mpandalo iray teny an-tsena, na tamin'ireo filôzôfa tsy nino an'Andriamanitra tao Areopagô, dia nahatratra ny olona teo amin'ny toerana nisy azy indrindra i Paoly. Inona no hevitr'izany ho antsika ankehitriny? Tsotra ihany, tsy azontsika atao ny hanatratra izao tontolo izao ho an'i Kristy, raha tsy mifampikasoka amin'ny fiarahamonina misy antsika isika. Noho izany, mba hanatrarana amim-pahombiazana ny mpiara-belona amintsika, aoka isika hifangaro amin'izy ireny tsy amim-pisalasalana, aoka isika hanatona azy ireny eo amin'izay toerana misy azy, ary aoka isika hiezaka mba hahatakatra tsara ny momba azy ireo.

Toy izao no fanehoan-kevitr'i Ellen White: « Tsy miankina tanteraka amin'ny fahalalanao sy ny talentanao ny fahombiazanao, fa indrindra indrindra amin'ny fahafahanao mahita ny lalan'ny fo. »[3] Izany no paikady nampiasain'i Paoly. Tamin'izay rehetra nalehany, dia niezaka fatratra izy mba hahatakatra izay mahakasika ny olona, ny fivavahany sy ny

kolontsainy, hatramin'ny fitanisany izay ambaran'ny pôetan'izy ireny (Asa. 17:28)! Noho izany, raha raisintsika amim-pahamatorana ny iraka manoloana antsika, dia hanaraka ny paikadin'i Paoly isika.

**3. Nifandahatra tamin'ny mpihaino azy i Paoly mba hahatakaran' izy ireo ny hevitry ny fahamarinan'ny Filazantsara.** Raha ny mahakasika antsika, io fitsipika io dia ampiharina amin'ny fomba manokana ankehitriny. Voalohany, tsy tokony hiato tsy hieritreritra isika rehefa mizara ny finoantsika, ny mifanohitra amin'izay indrindra aza no tokony atao! Mitombina ny finoana kristianina. Maharitra ny fisedrana mahery vaika indrindra izany. Faharoa, zava-dehibe ny fahafantarantsika ny finoantsika mba hahafahana mampahafantatra azy ireny amim-pahombiazana. Tsy maintsy misaintsaina am-pahamalinana ny amin'izany isika.

Ilaintsika ny mahafantatra ireo fitsipika mifehy ny finoantsika mialoha ny hampahafantarana azy sy hiarovana azy. Na izany aza, tsy mijanona fotsiny amin'ny fiezahana hahazo fahalalana ara-tsaina ny fizaràna ny finoantsika. Ny fijoroana ho vavolombelona ataontsika dia tsy tonga fiadin-kevitra fotsiny, izay tsy maintsy hivoahana ho mpandresy. Tsy maintsy mametraka tanjona ambony kosa anefa isika: mambabo ny mpiara-belona amintsika ho an'i Kristy.

Noho izany dia miantefa amintsika izao torohevitra avy amin'ny Baiboly izao: *« Fa manamasìna an'i Kristy ho Tompo ao am-ponareo; ary aoka ho vonona mandrakariva hianareo hamaly izay manontany anareo ny amin'ny anton'ny fanantenana ao anatinareo, nefa amin'ny fahalemem-panahy sy ny fanajana »* (1 Pet. 3:15). Araka izay efa nambaran'ny olona iray hoe: « Ataon'ny olona tsinontsinona ny fatran'ny fahalalanareo, mandra-pahitany ny fatran'ny fahaizanareo mikarakara ny hafa. » Ny fanatanterahana ny iraka dia mitaky fanambarana am-pahasahiana be sy fangoraham-po malefaka.

**Mijoroa!**

Noho ny finoany an'i Kristy tsy azo hozongozonina, dia tsy nihemotra teo anoloan'ny fanevatevana, ny kapoka, ny tranomaizina, ny faharendrehan-tsambo ary ny fahafatesana maritiora i Paoly. Dimanjato sy arivo taona tatỳ aoriana, nihaona tamin'io Kristy io koa i Martin Luther, mpanavao fivavahana alemà. Resy lahatra tanteraka ny amin'ny maha-Tompo an'i Jesôsy izy, ka rehefa nifanehatra tamin'ireo mpanenjika azy izy tamin'ny fifadian-kanina tao Worms, dia tamin-kery lehibe no nilazany azy ireo hoe: « Indro ny tenako, tsy misy hafa azoko atao ankoatra izao; manatrika ahy eto Andriamanitra! » Tahaka an'i Paoly, Lotera dia tsy naniry fotsiny ny hiaina ny finoany. Vonona ny ho faty ny amin'izany koa izy, raha

nilaina izany. Eny, ny iraka mariky ny faharesen-dahatra dia mitaky fanoloran-tena ambony toy izany!

*Alain Coralie,*
*sekreteran'ny Diviziona Afrika Afovoany Atsinanana*

**FANONTANIANA HO SAINTSAININA SY HO ZARAINA**

1. Raha mijery ny fanovana mivaingana nataon'i Jesôsy teo amin'ny fiainanao ianao, dia inona izany? Ahoana no hijoroanao ho vavolombelona ny amin'izany?

2. Eo amin'ny fiarahamonina misy anao, aiza no alehanao mba hizarànao ny hevitrao momba ny fivavahana na ny filôzôfia amin'ireo mpiara-belona aminao?

3. « Tsy mijanona fotsiny amin'ny fiezahana hahazo fahalalana aratsaina ny fizaràna ny finoantsika. » Miombon-kevitra amin'izany fanambarana izany ve ianao? Nahoana?

---

1 - Paul Little, How to Give Away Your Faith, InterVarsity Press, Downers Grove, Ill., 2008, p. 41.
2 - Ellen G. White, Le Ministère Evangélique, t. 150.
3 - Ibid., t. 187.

# IRAKA MITONDRA FANOVANA

Ny Asa. 2:42-47 dia maneho amintsika ohatra miavaka iray mikasika ny fiarahamonina kristianina mirotsaka lalina amin'ny famitana ny iraka: naharitra tamin'ireo fampianaran' ny apôstôly ireo mpino, nizara ny sakafony, nampiantrano vahiny, niaina tanaty firahalahiana tanteraka, nidera an'Andriamanitra ary nandray mpianatra vaovao, tsy tapaka isan'andro.

Sary manaitra manao ahoana re izany! Tamin'ny andro Pentekôsta dia nirotsaka tamin'ireo mpino ny Fanahy ary nitoetra tamin'izy ireo. Tamin'io andro io, tsy hoe olona 3000 fotsiny no niova fo, fa nisy zava-baovao nitranga ihany koa: nanorina ny Fiangonana kristianina Andriamanitra. Voalohany indrindra teo amin'ny tantara izao no nanatrehan'izao tontolo izao maso ny zava-mitranga rehefa indro Andriamanitra fa mandray olona avy amin'ny kolontsaina sy fiainana taloha samy hafa hoenti-manangana ny Fiangonany — ny tenan'i Kristy.

Izy irery ihany no hany afaka nanangana ny Fiangonana kristianina, ary izany no notanterahiny tao Jerosalema. Ny Fiangonany, dia manoatra noho ny vondron'olona fotsiny, manoatra noho ny antoko na ny fikambanana iray. Izany dia fikambanana velona manana an'i Jesôsy Kristy ho mpitarika azy ka mihoatra lavitra ireo hetsiky ny fikambanan' olombelona. Fiarahamonina ateraky ny fifandraisana velona amin'i Jesôsy izany. Izany fifandraisana izany no mamorona fiarahamonina izay manana ny maha-izy azy manokana. Manana ny lanjany vaovao izao ny fiainan'ireo mpino! Ny fiangonana no toerana izay hahatsapan'ny mpino ny toe-tsain'ny firaisana, sy toerana izay hahafahan'izy ireo mitombo.

**Fijoroana Ho Vavolombelona Ankehitriny**

*Mahasintona olona tokoa ireo asa fitoriana mirona amin'ny fanatanterahana asa fanompoana.* Ny fanandramana niainan'i Penny Stratton* niaraka tamin'ny fiangonana advantista tao Paradise, any Kalifornia, dia maneho mazava tsara ny toe-java-mitranga rehefa mandray anjara tanteraka amin'ny famitana ny iraka ireo mambran'ny fiangonana.

Tonga mantsaka rano ao amin'ny fantsakana ao amin'ny faritry ny fiangonana advantista any Paradise i Penny. Taitra ny fahalianany taorian'izay efa-taona nisotroana ny ranon'ny fiangonana izay. Nikaroka loharanom-baovao bebe kokoa hatrany momba ny advantista tamin'ny

alalan'ny aterineto i Penny. Taty aoriana, dia niresaka ny amin'io fiangonana io tamin'ireo mpiara-miasa mpiray tanàna aminy ao Paradise izy. Nanomboka nanatrika ireo fotoam-pivavahana tao am-piangonana izy, ary nitondra an'i Elijah, zananilahy tany amin'ny Sekoly Sabata. Faly erỳ izy nitondra sakafo maivana sy nitondra fanampiana tao amin'ny fiangonana.

*Manamafy orina ny faharesen-dahatra ireo Fijoroana ho vavolombelona ataon'ny tena manokana.* Nanjary mpinamana tamin'i Penny i Dottie Chinnock (anarana nahazoana alalana ny hampiasana azy), tompon'andraikitry ny kilasy Zaza minono. Manasa azy hisakafo any aminy izy, miaraka amin'ireo mambran'ny fiangonana hafa. Samy mandray amim-pitiavana an'i Elijah kely avokoa ny olon-drehetra. Nandritra ny fisakafoana dia nanontany ny rehetra i Penny ny amin'ny antony mahatonga azy ireo ho advantista. Samy nitantara taminy, tsiraidray, ny fanandraman'ny tenany manokana izy ireo, ary nijoro vavolombelona ny amin'ny fomba nentin'i Jesôsy nanovana ny fiainany. Tamin'ny alalan'ireo tantara ireo no nahafahan'i Penny nanavaka ny vokatry ny Fanahy sy ny heriny niasa tao amin'ny fiainan'izy ireo.

Tao amin'ny toeram-pivarotana teo an-toerana, dia nisy mpiasa advantista iray niresaka momba ny fiangonana tamin'i Penny, ka nilaza taminy ny hafaliany raha nandray fanapahan-kevitra indray izy ny hiverina tao am-piangonana, taorian'ny fotoam-pangatsiahana izay nolalovany. Fantatr'i Penny ireo zava-tsarotra nosedrain'izany vehivavy izany nandritra ny folo taona mahery, ary tsikariny ny fiovana teo aminy hatramin'ny fotoana niverenany indray tao am-piangonana. Nihatsara kokoa noho ny teo aloha ny toetrany. Manova zavatra tanteraka teo amin'ny fiainany Andriamanitra! Manaraka izay, dia niresaka taminy ny amin'ireo kilasin'ny Sekoly Sabata ho an'ny ankizy ilay vehivavy, ny amin'ireo fahaiza-manao isan-karazany atolotr'izy ireny, eny fa na dia ny kilasin'ny ankizy madinika aza. Noho ny faharisihana vokatry ny zavatra reny, dia nanapa-kevitra tanteraka i Penny ny hamonjy tsy tapaka ny fiangonana.

*Manova fiainana ny Baiboly.* Talanjona ny amin'ny fahamarinana ara-Baiboly hitany isaky ny fotoam-pivavahana i Penny. Raha tsapan'i Dottie ny fahalianany, dia nanasa azy izy mba hiditra tao amin'ny fikambanan'ny vehivavy mandinika Baiboly isaky ny amin'ny 7 maraina. Nisy fisakaizana vaovao niforona indray.  Nihaona tamin'ny olona izay niaina tokoa ny Tenin'Andriamanitra i Penny, dia olona izay « ao anatin'ny Tenin' Andriamanitra » mandrakariva. Nihamafy orina isan'andro isan'andro ny fisakaizan'izy ireo. « Penny, ô, nahoana moa ianao raha miditra ao amin'ny vondron'ny mpitahiry sakafo ao amin'ny fiangonana, ao amin'ny Ministeran'ny namana? » Nanaiky ny fanasana i Penny, ary nanomboka teo dia lasa mizara sakafo ao am-piangonana sy ho an'ny vondron'olona rehetra.

Araka ny nandrosoan'ny fotoana, dia namaly ny fandresen-dahatra mangina avy amin'Andriamanitra i Penny. Niditra an-tsehatra tao amin'ny fandraisana izy izao. Raha miara-dalana amin'Andriamanitra izy, dia manaraka fianarana Baiboly miaraka amina pasitora iray. «Nasehon' Andriamanitra tamiko ny fanatrehany, hoy izy. Noho ny fahasoavany, dia tsy mitsaha-mitombo ny finoako. Nanova ny fomba fiheverako ho amin'ny fomba fijery mitodika amin'ny fahasoavana Izy, ary amin'ny zavatra maro hafa koa. » Io fiangonana io, hoy izy, dia nanorina fifandraisana maro amin'ny olona, ary miezaka fatratra ny hahita ny fiasan'Andriamanitra amin'ny alalan'ireo mambrany. Toy izany indrindra ny tenan'i Kristy!

Tsy mitsahatra mahita ny fiasan' Andriamanitra eo amin'ny fiainany sy amin'ny alalan'ny fiainany i Penny. Manohy ny asany ao am-pony ny Fanahy Masina. Tsy noeritreretiny velively hoe rano indray mitete dia hanokatra tombontsoa betsaka ho azy amin'ny fiarahany amin' Andriamanitra, na koa hoe hisy olona maro ho voataona sy hahita fampaherezana avy amin'ny Fijoroana ho vavolombelona ataony! Toy izany ny tenan'i Kristy: manotrona azy amim-pitiavana avokoa ny mambra rehetra ary mijoro ho vavolombelona ny amin'Andriamanitra, amin'ny alalan'ny fihetsika ataon'izy ireo.

**Famintinana**

*Fepetra hahazoana iraka mitondra fanovana.* Ahoana no hahatonga ny fianakaviamben'ny fiangonana eo an-toerana ho lasa fiarahamonina mitondra antoka ho an'ny be sy ny maro ka feno fikolokoloana ny hafa, fiarahamonina izay hahafahan'ireo mpino vaovao mitombo sy mahita ny asa fanompoana tandrify azy manokana? Ny fanalahidy dia ny fifantohana amin'i Jesôsy irery ihany.

« Azon'ny Kristianina atao ny miaina fiainana ambony kokoa mihoatra noho ireo maro hafa. Kristy dia manoro azy ireo fiainam-baovao tanteraka! Ireo izay hany mihazona tsy tapaka ny fijeriny eo amin'i Jesôsy ihany — Ilay feno fahasoavana sy fahamarinana — no afaka miaina fiainana toy izany. Eo amin'ny fibanjinan'izy ireo Azy, no hahavoaova azy ireo ho araka ny endriny, dia amin'ny voninahitra ho amin'ny voninahitra » — Ellen G. White, Signs of the Times, 11 mars 1903.

Manana fijery mazava tsara ny amin'izay andrasany avy amin'ny Fiangonany Andriamanitra. Tiany ny hivelarany, ny hifandrombonan'izy ireo amin'ny fanatanterahana ny asa, ary ny *« hampandrosoany ny tenany amin'ny fitiavana »* (Efe. 4:16). Izy irery ihany no manana hery hananganana Fiangonana toy izany.

Raha izay àry, inona no andraikitsika manoloana izany? Ahoana no ataontsika mba hahatonga ireo mambra vaovao hitombo sy handray anjara amim-pahavitrihana amin'ny fiainan'ny fiangonana sy ny asa fanompoana ataony ary ny iraka ampanaovina azy? Indreto misy torohevitra dimy mivantana mifototra ara-Baiboly.

**Atanjaho ireo mambra vaovao amin'ny fifandraisany amin'i Kristy.** Ampio izy ireo handroso avy eo amin'ny fahatakarana ara-tsaina ny fahamarinana ho amin'ny fanamafisana ny fifandraisany amin'i Jesôsy. Tsy maintsy misy olona mampianatra azy ireo ny fomba fivavahana sy famakiana ny Baiboly mba hampiroborobo ny fitomboan'izy ireo ara-panahy (1 Tes. 2:7).

**Ovay ny fianakaviamben'ny fiangonanao ho tonga fiarahamonina feno fikolokoloana ny hafa,** ho fiarahamonina izay hahazoan'ireo mambra vaovao antoka eo amin'ny fitomboany ara-panahy, eo amin'ny ady atrehiny, eny, eo amin'ny tsy fahombiazana mahazo azy. Ireo izay mijaly na manoloana tolona dia afaka mandray fanampiana avy amin'ireo rantsana hafa eo amin'ny tenan'i Kristy, raha iray dia sy mifananatra isika (1 Tes. 5:11).

Talanjona ny amin'ny fahamarinana ara-Baiboly hitany isaky ny fotoam-pivavahana i Penny.

**Ampio ireo mpino vaovao (sy efa tranainy) mba hampifandray ny fahamarinan'ny foto-pinoana amin'i Jesôsy.** Mazava tanteraka ny foto-pinoana rehefa manampy antsika hahalala an'i Jesôsy sy hitombo ao Aminy izany (Jao. 14:6).

**Ampirisiho ireo mpino vaovao mba hizara ny tantaran'izy ireo**, dia ny tantaran'izay nataon'i Jesôsy teo amin'ny fiainany. Ny iraka ataontsika dia miompana amin'ny fanampiana ireo mitovy amintsika mba hahita an'i Jesôsy ka hiara-dalana Aminy. Ny fitantarana izay nataon'i Jesôsy ho antsika no fomba tsara indrindra hanatanterahana izany (Lio. 8:39).

**Asao ireo mambra efa tranainy sy vaovao mba hirotsaka antsehatra amin'ny asa fanompoana.** Angataho izy ireo mba hizaha izay mahaliana azy sy mahafinaritra azy, nefa koa mba hijery ny olana izay mahazo azy na ireo enta-mavesatra manokana mitambaby aminy. Aorian'izay, ampio izy ireo hamantatra ireo fanomezam-pahasoavan'ny fanahy mety hananany ho an'ny asa fanompoana. Ampirisiho izy ireo mba hiara-miasa amin'ireo mambra efa mandray anjara feno amin'ny asa fanompoana. Ampio izy ireo hampivelatra ny fanomezam-pahasoavana ananany, sy hampiasa izany ho amin'ny asa fanompoana. Farany, miandrasa kely dia ho hitanao izay hotanterahin'Andriamanitra (Efe. 4:11).

Manana faniriana manokana ho an'ny fiangonany Andriamanitra — faniriana izay handraisanao sy handraisako anjara. Maniry Izy ny hampiasa antsika mba hanampy ireo mitovy amintsika ho tonga singa velona ihany koa amin'izany faniriany izany.

Ho tena Fiangonana marina tokoa anie ny Fiangonan'Andriamanitra!

*BEN sy MARY MAXSON,*
*manompo ao amin'ny fiangonana advantista Paradise, any Kalifornia. I Ben filohampitandrina any.*

**FANONTANIANA HOSAINTSAININA SY HOZARAINA**

1. Ahoana no hahatonga ny fianakaviamben'ny fiangonana misy anao ho tonga fiarahamonina mitondra antoka sy fampirisihana izay hahafahan'ireo mpino vaovao hitombo sy hahita ny asa fanompoana tandrify azy?

2. Fampianarana ny olona hivavaka, inona no takin'izany? Manaova lisitra ny amin'ireo dingana mahakasika izany.

3. Iza ireo olona nanampy anao hifikitra amin'i Kristy sy ny Fiangonany? Lazalazao amin'ny teny fohy ny momba azy ireo.

# ILAY FIANGONANA MPANDRESY

## MIASA HO FANAFAINGANANA ILAY ANDRO BE VONINAHITRA

Efa taonjato sivy ambin'ny folo mahery izao no lasa hatramin'ny nitsaharan'ny apôstôly tamin'ny asany; kanefa kosa ny tantaran'ny fijaliany sy ny fandavan-tena nananany dia mitoetra ho fananana sarobidy indrindra ho an'ny fiangonana. Avy tamin'ny tsindrimandrin'ny Fanahy Masina no nanoratana izany tantara izany, mba hampirisika ny Kristianina amin'ny vanim-potoana rehetra hampiseho zotom-po miredareda hatrany, sy fanoloran-tena lehibebe kokoa ho amin'ny asan'ny Mpamonjy.

**Taranaka Vavolombelona Voalohany**

Notontosain'ny mpianatra tanteraka ny adidy natolotr'i Kristy azy; ka raha nampiely ny vaovao mahafalin'ny famonjena izy, dia namirapiratra teo amin'ny olona nihoatra lavitra noho ny teo aloha ny voninahitr' Andriamanitra. Noho ny fanampian'ny Fanahy Masina no nahazoany nanatontosa ny asa izay nampihozongozona an'izao tontolo izao. Tao anatin'ny taranaka iray monja dia voatory tany amin'ny firenena rehetra ny filazantsara.

Endrey ny hakanton'ny vokatra azon'ny apôstôly ! Raha vao nanomboka ny asany izy ireo, dia nisy sasany taminy tsy nanana fiofanana ara-tsaina akory; kanefa noho ny fanoloran-tenany tanteraka ho amin'ny asan'ny Tompo, sy noho ny fampianarana voarainy, dia nahazo fiofanana mendrika ny asa ambony natolotra azy izy. [...] Voaafina tao amin'i Kristy tany amin'Andriamanitra ny fiainany, ka na ny tenany aza nohadinoiny, satria difotra tanteraka tao amin'ny onja lalin'ny fitiavana mandrakizay izy.

Olona niteny sy nivavaka tamim-pahatsoram-po ny mpianatra, lehilahy notohanan'ny herin'ny Isiraely. Teo anilan'Andriamanitra akaiky dia akaiky no nitoerany, ka nifamatotra tamin'ny seza fiandrianan'Andriamanitra ny voninahitry ny tenany. Jehôvah no Andriamaniny: ny hajan'Andriamanitra no hajan'ireo mpianany koa; ary ny fahamarinan'Andriamanitra no fahamarinany koa. Toy ny ratra nampandeha ra ny fanahiny ny famelezana rehetra natao tamin'ny filazantsara, nefa nitolona tamin'ny heriny rehetra ireo ho fampandresena ny asan'i Kristy. afaka nitory ny Teny fiainana izy, satria efa nandray hosotra avy tany an-danitra. Nanampo vokatra betsaka izy, ka noho izany dia sahy nanao asa betsaka.

Niseho taminy i Kristy, ary ny mason'ireo kosa nibanjina Azy mba hahalalany ny lalana tokony halehany. Arakaraka ny fahatanterahan'ny fanahafany ny sitrapon'ny Tompo no nahatakarany koa ny hevitry ny fahamarinana, sy nitomboan'ny heriny hisetra fankahalana. Ny amin'i Jesôsy, fahendrena sy herin'Andriamanitra, no fototry ny fampianarany rehetra. Nanandratra ny anarany izy, dia ilay anarana hany natolotra ny olona ho famonjena azy. Ka raha nitory ny fahafenoan'i Kristy, ilay Mpamonjy nohomboana izy, dia nanohina ny fo ny teny notoriny, ka maro ny lehilahy sy ny vehivavy voataonan'ny filazantsara. […]

Tsy tamin'ny herin'ny mpianatra no nahatanterahany ny asa nanirahana azy, fa tamin'ny herin'Andriamanitra velona. Tsy mora ny asany. Mazàna niharan'ny fitsapana mafy ny Kristianina voalohany. Voatery niady lalandava tao anatin'ny fihafiana, sy ny fialonana ary ny fanenjehana izy; nefa tsy nahoany ny ainy; fa vao mainka niravoravo aza izy raha navela hanana anjara tamin'ny fijalian'i Kristy. […]

**Fototra Mafy Orina**

Teo ambonin'ny fototra naorin'i Kristy no nandrafetany ny fiangonana. Aseo mandrakariva ao amin'ny Soratra Masina ny endriky ny fanorenana ny tempoly, satria sary nampiseho ny fanabeazana ny fiangonana izany. […] Izao no nosoratan'i Petera ny amin'ny fanorenana ny tempoly: *« Izay hatoninareo toy ny vato velona nolavin'ny olona fa voafidin'Andriamanitra sady soa, ka dia atsangana koa hianareo tahaka ny vato velona ho trano fanahy, ho fisoronana masina, hanatitra fanati-panahy sitrak'Andriamanitra amin'ny alalan'i Jesosy Kristy »* (1 Pet. 2:4; 5).

Niasa teo amin'ny fihadiam-baton'ny Jiosy sy ny jentilisa ny apôstôly mba hitrandraka ny vato narafiny teo ambonin'ny fanorenana. Hoy i Paoly tao amin'ny epistily nosoratany ho an'ny mpino tany Efesosy: *« Koa dia tsy mba vahiny sy mpivahiny intsony ianareo, fa tompon-tany, mpiray fanjakana amin'ny olona masina sady ankohonan'Andriamanitra, natsangana teo ambonin'ny fanorenan'ny Apostoly sy ny mpaminany, ary Kristy Jesosy no fehizoro indrindra; ao aminy no irafetan'ny rafitra rehetra, mitombo tsara ho tempoly masina ao amin'ny Tompo. Ary ao aminy no miaraka aorina koa ianareo ho fonenan'Andriamanitra amin'ny Fanahy »* (Efe. 2:19-22). […]

Nanorina teo ambonin'ny fototra mafy sy teo amin'ny vatolampy mandrakizay ny apôstôly. Vato norombahina teo amin'izao tontolo izao no narafiny teo. Tsy mora akory ny asan'ny mpandrafitra; fa nihasarotra indrindra izany noho ny fanoheran'ny fahavalon'i Kristy. […]

**Fanenjehana Mafy**

Indreny fa nifandimby voazeran'ny fahavalo ireo mpandrafitra mahay indrindra. Notoraham-bato i Stefana, novonoina tamin'ny sabatra i Jakôba,

notapahin-doha i Paoly, nohomboana tamin'ny hazo fijaliana i Petera, natao sesitany i Jaona. Nefa mbola nihalehibe ihany ny fiangonana. Nisy mpiasa maro nandimby toerana ireny, ka nametraka vato nitombo isa hatrany hatrany. Toy izany no niorenan'ny fiangonan'i Kristy tsimoramora.

Nisy fanenjehana mafy nanoherana ny fiorenan'ny fiangonana kristianina nandritra ny taonjato maro taorian'izany, kanefa nisy kosa olona nihevitra mandrakariva fa ny fanorenana ny tempolin'Andriamanitra dia sarobidy noho ny ain'olombelona aza. [...]

«Ilain'izao tontolo izao loatra ny hahita ny fitiavan'ny Mpamonjy hiseho eo aminy.»

Nampiasa ny heriny rehetra ilay fahavalon' ny fahamarinana mba hisakanana ny asan'ireo mpanorina ny tempolin'ny Tompo. Nefa tsy nitsahatra naneho ny heriny Andriamanitra (Asa. 14:17). [...] Naringana ireny mpiasa ireny, nefa tsy nahasakana ny fandrosoan'ny asa izany. Ireo Vaudois, Wicleff, Huss sy Jérome, Lotera sy Zwingle, Granmer, Latimer sy Knox, ireo Huguenots, Jean sy Charles Wesley, ary ny vahoaka maro hafa koa dia samy nitondra ny anjara vatony izay haharitra mandrakizay. Ary tamin'ireo taona nanaraka izany, dia nisy koa niezaka hampiely ny Tenin'Andriamanitra, eny, avy tany amin'ny tany jentilisa aza, izay namboatra lalana hitoriana ny hafatra lehibe farany. [...]

Samy nandray anjara tamin'ny fanorenana ny tempoly na i Paoly, na ny apôstôly hafa koa. [...] Ho an'ireo izay manorina ho an'Andriamanitra toy izany no nanomezan'i Paoly ireto teny fampitandremana sy fampaherezana ireto: *« Raha maharitra ny asan'ny olona, izay narafiny teo amboniny, dia handray valim-pitia izy. Raha ho levon'ny afo ny asan'ny olona, dia ho fatiantoka izy; fa ny tenany kosa dia hovonjena, nefa toy ny avy ao amin'ny afo ihany izy »* (1 Kor. 3:14,15). Ny Kristianina mitory ny Teny fiainana amim-pinoana, dia mitarika lehilahy sy vehivavy maro eo amin'ny làlan'ny fahamasinana sy ny fiadanana, dia hitondra vato haharitra mandrakizay, ary homem-boninahitra izy rehefa tonga any amin'ny fanjakan'ny lanitra satria mpandrafitra hendry. [...]

Toy ny nandefasan'i Kristy ny mpianatra fahizay, dia toy izany koa no anirahany ny mambran'ny fiangonany ankehitriny. Ny fahefana nananan'ireny mpianatra fahiny ireny no mbola omena ny mambra ankehitriny koa. Raha raisiny ho heriny ny Tompo dia homba azy Izy, ka tsy hiasa foana izy ireo, ary ho hitany fa nandray ny tombon-kasen'Andriamanitra. [...]

Notoloran'i Kristy asa masina ny fiangonana. Tokony ho fantsona hampita amin'izao tontolo izao ny harem-pahasoavan'Andriamanitra ny mambra tsirairay avy. Irin'i Kristy fatratra ny hanana mpanompo haneho

ny toetrany sy ny fitiavany, satria ilain'izao tontolo izao loatra ny hahita ny fitiavan'ny Mpamonjy hiseho eo aminy. Miandry fatratra ny lanitra manontolo mba hahita lehilahy sy vehivavy azon'Andriamanitra ampiasaina haneho ny heriny.

### Ny Fitaovana Ampiasain'Andriamanitra

Ny fiangonana no fitaovana ampiasain'Andriamanitra mba hitoriana ny fahamarinana, satria hanao izany asa manokana izany no nanofanana azy. Koa raha mahatoky izy, ka mankatò ny didy rehetra, dia hitoetra ao aminy hatsaran'ny fahasoavan'Andriamanitra. Raha manome voninahitra ny Tompo izy, dia tsy hisy hery hahatohitra azy.

Ny fahazotoana ho an'Andriamanitra sy ho an'ny asany no nanosika ny mpianatra hanambara tamin-kery ny filazantsara. Moa ve ny zotom-po toy izany tsy tokony mba hanosika antsika koa mba ho tapa-kevitra hampahafantatra ny tantaran'ny fitiavan'i Kristy voahombo? Tombontsoa ho an'ny Kristianina tsirairay avy, tsy ny hanantena ihany, fa ny hampahafaingana ny fiverenan' ny Mpamonjy koa.

Raha tian'ny fiangonana ny hitafy ny akanjom-pahamarinan'i Kristy, ka hisaraka tanteraka amin'izao tontolo izao, dia hamirapiratra eo anoloany ny andro miposaka mamirapiratra sady be voninahitra. Maharitra mandrakizay ny teny fikasana nataon' Andriamanitra ho azy. […] Tsy maintsy handresy ny fahamarinana […]. Ary na toa voasembantsembana aza ny fandrosoany indraindray, dia tsy mbola niato na oviana na oviana izany. Rehefa misetra fanoherana ny hafatry ny filazantsara, dia toloran'ny Tompo fanampin-kery izy mba hahazoany miasa bebe kokoa. Amin'ny alalan'izany herin'Andriamanitra izany no handrodanany ny manda mafy indrindra sy handreseny ny zava-misakana rehetra.

Ny fikirizan'ny Zanak'Andriamanitra hamonjy fanahy no nanohantohana Azy nandritra ny asa mafy sy ny fandavan-tena nataony. « Noho ny fisasaran'ny fanahiny dia hahita izany Izy ka ho afa-po. » Nanopy ny masony tany amin'ny mandrakizay Izy, dia indro tazany mialoha sahady ny fahasambaran'ireo mandray famelan-keloka sy fiainana mandrakizay noho ny nanetren'i Kristy ny tenany. Toa reny sahady ny olom-boafidy nihira ny fihiran'i Mosesy sy ny Zanak'ondry.

Azontsika atao ny miatrika sy mahita amin'ny masom-pinoana ny hoavy sy ny fahasambaran'ny lanitra. Omen'ny fahitana voarakitra ao amin'ny Baiboly ho antsika ny santatry ny voninahitra ho avy. Sarobidy amin'ny fiangonana tokoa ireny fanehoana mialoha ny zavatra ho avy ireny, izay nosoratan'ny tanan'Andriamanitra mihitsy. Amin'ny alalan'ny finoana no ahazoantsika mijoro eo amin'ny tokonam-baravaran'ny tanàna masina, ary handre sahady ny fandraisana feno fandresena tehirizina ho an'izay nanantena an'i Kristy tamin'izao fiainana izao, ary nihevitra ny fiaraha-mitondra fahoriana Aminy ho toy ny voninahitra.

Raha mbola re izao teny izao hoe: « Avia hianareo izay notahin'ny Raiko,» dia indreo ny voaavotra fa mametraka ny satroboninahiny eo an-tongotry ny Mpanavotra, ka mihiaka hoe: *« Ny Zanak' ondry izay novonoina, dia mendrika handray hery sy harena sy fahendrena sy faherezana sy haja sy voninahitra ary saotra (...) Ho an'Ilay mipetraka eo ambonin'ny seza fiandrianana sy ho an'ny Zanak'ondry anie ny saotra sy ny haja sy ny voninahitra ary ny fanjakana mandrakizay mandrakizay »* (Apôk. 5:12, 13).

« Notoloran'i Kristy asa masina ny fiangonana. Tokony ho fantsona hampita amin'izao tontolo izao ny harem-pahasoavan' Andriamanitra ny mambra tsirairay avy. »

Amin'izay fotoana izay dia hiarahaba amim-pihobiana fatratra an'ireo izay nitaona azy ho eo amin'ny Mpamonjy ny olom-boafidy, ka hiara-miredona hanao hira fiderana an'Ilay maty mba hahazoan'ny olona fiainana tsy mety maty intsony toy ny an'Andriamanitra.

Mifarana hatreo ilay ady goavana. Tapitra ny fahoriana sy ny ady rehetra. Manakoako eran'ny lanitra ny hiram-pandresena rehefa manandratra ny feony hanao izao hiram-piravoravoana izao ny voaavotra: « Voninahitra anie ho an'ny Zanak'ondry izay efa novonoina, nefa velona indray, voninahitra ho an'Ilay mpandresy mahery. »

*Ellen G. White,*
*Vavolombelona Mahery, t. 527-534.*

*Mino ny Advantista mitandrina ny andro fahafito fa i Ellen G. White (1827-1915) dia nampiasa ny fanomezam-pahasoavan'ny faminaniana ara-Baiboly nandritra ny 70 taona mahery nanaovana asa fanompoana.*

**FANONTANIANA HOSAINTSAININA SY HOZARAINA**

1. Miasa ho an'i Kristy tahaka ny mpianatra, « amin'ny herin'ny tenanao rehetra » ve ianao ? Raha tsia, nahoana ?

2. Ireo mpianatr'i Kristy dia « nanampo vokatra betsaka, ka noho izany dia sahy nanao asa betsaka. » Inona no azonao atao ho fampivelarana ny vinanao manokana mikasika ny asan'Andriamanitra? (Manomeza ohatra roa na telo).

3. Efa mba naka sary an-tsaina ny amin'ny lanitra ve ianao? Inona no hitanao?

# VAKITENY HO AN'NY ANKIZY

***SABATA VOALOHANY***

## MISIONERA HO AN'I JESOSY!

*Nosoratan'i LINDA MEI LIN KOH*

[Mandraisa penina na pensilihazo sy taratasy hanoratanao ny valin-teninao.]

**Andininy fototra**

*« Koa mandehana hianareo dia ataovy mpianatra ny firenena rehetra, manao batisa azy amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina »* (Matio 28:19).

**Tantara**

Nientanentana fatratra i Mateo, zazalahy 8 taona! Manana drafitra mahatalanjona ao an-dohany ao mantsy izy, ary te hiresaka ny amin'izany amin'ny rainy sy ny reniny. Raha vao nirava avy tany an-tsekoly izy dia dodona erỳ ny hahita an-drainy.

« Dada, Dada ô! te hanao zavatra ho an'i Jesôsy aho! hoy izy tamin-kafanam-po. Te hanomboka tarika madinika miaraka amin'ireo namako sy mpifanolo-bodirindrina amiko aho »

« Tena hevitra tsara mihitsy izany, ry Mateo! », hoy ny navalin'i Dada tamim-pifaliana. « Hatoroko anao ny zavatra tokony hatao »

« Eny, ry Dada! Mba azonao atoro ahy ve ny fomba fampianarana Baiboly? Afaka mampianatra hira azy ireo ange aho e! Sady manao tantara ao amin'ny Baiboly ho an'ny ankizy koa! », hoy i Mateo tamin-kafanam-po.

Taorian'izany dia indro i Mateo fa nitsidika ny mpifanolo-bodirindrina rehetra taminy ary nanasa azy ireo ho amin'ilay tarika keliny. Nanasa ny mpiara-mianatra aminy koa izy. Tamin'ny fihaonana voalohany nataon'ilay tarika kely, dia olona valo monja no mba tonga. Nampianarin'i Mateo hira marobe momba an'i Jesôsy izy ireo ary nilazany tantara ao amin'ny Baiboly. Nihaino tsara tamim-pahalianana fatratra ny mpivory. Nomena fampianarana Baiboly izy ireo nandritra ny fivoriana. Tsy ela dia niampy hatrany ny olona tonga manatrika ilay tarika kelin'i Mateo. Izao dia misy

dimy ambin’ ny folo ny olona manatrika ny fivoriana. Ny fampianarana Baiboly nataon’i Mateo dia momba ny Jaona 3:16. Tena tiany io toko sy andininy io, izay milaza fa tia loatra an’izao tontolo izao Andriamanitra ka dia nomeny ny Zanany lahitokana mba hamonjy antsika.

« Dada ô! Mba fantatrao moa? Te ho pasitora aho rehefa lehibe », hoy Mateo tamin-kafanam-po. Te ho misiônera aho, te handeha hatraiza hatraiza aho mba hilaza amin’ny hafa fa tia azy ireo i Jesôsy ary te hitondra azy ireo ho any an-danitra miaraka Aminy! »

« Tsara izany, anaka! Afaka manomboka ho misiônera ianao eto amin’ny manodidina anao, hoy i Dada, sady nitsiky no nanafosafo ny lohan’i Mateo. « Fantatro fa tena faly i Jesôsy amin’izany »

**ANJARANAO NY MILALAO!**

Manamboara karatra fanasana anankiroa ary asio haingony araka izay itiavanao azy. Eo amin’ny karatra tsirairay, dia manorata fanasana namana na mpiara-mianatra iray hanatrika Sekoly Sabata.

---

# TANAMASOANDRO HO AN'I JESOSY

**Andininy Fototra**

*« Modia ihany any an-tranonao ho any amin'ny havanao, ka lazao aminy izay zavatra lehibe nataon'ny Tompo taminao sy ny namindrany fo taminao » (Marka 5:19)*

**Tantara**

« Neny ô! Tena mampihetsi-po tokoa izany tantaran'i Albert Schweitzer sy David Livingstone izany a! » hoy ny hiakan'i Gabriela.

« Eny tokoa, ireo lehilahy ireo dia tena nanana fahafoizan-tena be mba hahazoany manampy ny marary sy ny mahantra tany Afrika », hoy ny fanazavan'i Neny. « Nisedra zava-tsarotra izy ireny ary nety ho niharan'ny aretina sy ny fahafatesana mihitsy aza »

« Mihevitra aho fa te hanao misiônera rehefa lehibe. Tsy maintsy vita batisa ve aho aloha? » hoy ny fanontaniany hentitra dia hentitra.

« Tsy voatery ho vita batisa vao afaka hiasa ho an'i Jesôsy. Raha ny marina aza ange, izay rehetra tia an'i Jesôsy dia misiônera avokoa e! » hoy ny navalin'ny rainy.

« Tsaroanao moa ilay lehilahy azon'ny demonia tany amin'ny tanin'ny Gerasena? Nositranin'i Jesôsy izy! Rehefa izany ilay lehilahy dia te hanaraka an'i Jesôsy. Nefa inona no nolazain'i Jesôsy taminy? » hoy ny fanontanian'ny reniny.

« Nolazainy izy mba hody any an-tranony ary hitantara amin'ny fianakaviany ny fahasitranany mahagaga », hoy ny navalin'i Gabriela.

« Izay indrindra! Tian'i Jesôsy ny hizarantsika ny vaovao mahafaly amin'ny fianakaviantsika, ny namantsika sy ny mpifanolo-bodirindrina amintsika. Satria anisan'ny manodidina antsika izy ireo dia afaka mahita ny fiovana nataon'Andriamanitra tamintsika! », hoy ny reniny

« Gabriela, afaka manomboka dieny izao ange ianao e! Jereo ny manodidina anao dia fantaro izay fomba azonao anaovana asa fanompoana sy iresahana momba ny fitiavan'Andriamanitra amin'ny mpiara-belona aminao », hoy ny soso-kevitra nataon'ny rainy.

« Eny àry e! Heveriko fa mahafantatra olona azoko ampiana aho », hoy Gabriela nieritreritra fatratra.

« Mahafinaritra! Hoy i Neny. Tsaroanao moa ilay hira manao hoe: “Tanamasoandro iray”? Ny hoe misiônera manko dia tahaka ny tanamasoandro ho an’i Jesôsy »

« Indray andro any dia mety ho lasa misiônera any Rosia aho. Fa amin’izao fotoana izao aloha dia afaka ny ho misiônera eto an-toerana ihany isika rehetra! » hoy i Gabriela nihiaka tamin-kafanam-po.

**TADIAVO!**

Mitadiava misiônera telo lehibe ao anaty Baiboly. Tamin’ny fomba ahoana no nizaran’izy ireo ny vaovao mahafalin’ny famonjena?

--------------------------------------

# LOHATAONA TSY HAY HADINOINA!

**Andininy Fototra**

*« Fa ho vavolombelony amin'ny olona rehetra hianao ny amin'izay efa hitanao sy renao »* (Asan'ny Apôstôly 22:15)

**Tantara**

Tsy ho ela dia tonga ny fialan-tsasatra amin'ny lohataona! Efa miresaka sahady ny amin'ny zavatra mahafinaritra hataon'ny fianakaviany mandritra ny fialan-tsasatra ny mpianatra rehetra iray kilasy amin'i Christopher. Fa ho azy kosa dia ho hafa noho izany. Ny ao am-pony dia milaza aminy mba hanao fanandramana tena hafa tanteraka. Izany hoe, tamin'ny herinandro lasa, ny anankiray amin'ireo misiônera niverina avy any Amerika Afovoany dia nitantara ny fanandraman'izy ireo ary niantso ny tanora mba hiaina ihany koa fanandramana misiônera. I Christopher sy Allen, namany, dia nahatsapa ho voaantso handray anjara amin'ny dia misiônera any amin'ny toerana lavitra karakarain'ny sekolin'izy ireo.

« Dada sy Neny ô! Mahazo misoratra anarana amin'ilay dia misiônera hatao any Guatemala amin'ity lohataona ity ve aho? », hoy ny fanontanian'i Christopher nientanentana fatratra. Te hanao zavatra ho an'ny hafa aho. »

« Hevitra tsara dia tsara mihitsy izany! Tsy maintsy manangom-bola ianao hividianana tapakila ho anao. Haloanay ny antsasany », hoy ny navalin'i Dada tsy nisy fisalasalana.

Ny 20 jona, i Christopher sy Allen ary tanora 10 hafa koa dia nanao veloma ny fianakaviany fa nandray fiaramanidina ho any Guatemala City. Rehefa afaka adiny fito teo ho eo nisidinana teny ana habakabaka izy ireo dia tonga soa aman-tsara tany an-toerana. Nampidirina avy hatrany tao anaty minibus ireto andian-tanora ireto. Rehefa afaka adiny telo dia tonga tao amin'ny toby misiônera izy ireo. Fahamaivanana manao ahoana re izany!

Niangaviana i Christopher sy Allen mba hitarika ny fotoana ho an'ny hira amin'ny fanompoam-pivavahana maraina ho an'ny ankizy teo amin'ny fiaraha-monina. Faly aok'izany izy ireo nampahafantatra an'i Jesôsy tamin'ireo ankizy izay tsy mbola nandre velively ny Aminy. Ny tolak'andro dia niaraka tamin'ny olon-dehibe izy ireo ka nitaona sy nametraka biriky teo amin'ny fiangonana iray vao aorina. Asa tena mandreraka ilay izy!

Nisento i Christopher. « Allen, fa raha ny marina heveriko dia tsy zavatra mora araka ny fiheverana azy mihitsy ny atao hoe misiônera »

« Marina ny hevitrao! Mino aho fa hahazaka izao fandehan-javatra izao isika mandritra ny 13 sisa manaraka, ry Chris », hoy ny navalin'i Allen, somary feno ahiahy.

Nefa rehefa afaka efatra andro dia tena nankasitraka tokoa ny asany i Christopher. Nahafaly azy tokoa ny andraikiny maha-mpampianatra. Ny tena nahafa-po dia ny nahita ilay fiangonana vita soa aman-tsara tao anatin'ny 10 andro niasana mafy. Tamin'ny andro nanaovana ny fitokanana io fiangonana vaovao io, dia nisy fankalazana lehibe ho fisaorana an'Andriamanitra.

Hifarana tsy ho ela ilay dia misiônera. Nody ireo mpianatra sasatry ny asa. Nahatsapa fifaliana sy fahafaham-po izay tsy mbola tsapany na oviana na oviana i Christopher. Nanova azy ny fandraisany anjara tamin'ny asan'ny misiona. Nanapa-kevitra avy hatrany izy hanomboka hanangom-bola ho amin'ny tetik'asa vaovao: fividianana kojakojam-pianarana ho an'ny ankizy mahantra any Guatemala. Tsy nitsahatra izy nitantara sy nizara tamin'ireo mpiray kilasy taminy sy tamin'ny fiangonana ny fifaliana amin'ny asa fanompoana misiônera!

« Nandray fitahiana be dia be tokoa avy tamin'Andriamanitra izahay ka dia tsy maintsy mizara amin'ny mahantra », hoy i Christopher.

Tsaroanao moa ny Apôstôly Paoly sy ireo dia misiônera marobe nataony? Nankafiziny tokoa sy nahamaika azy ny hizara ny fitahiana voarainy tamin'Andriamanitra!

**TADIAVO!**

Avy amin'ireto andalan-tSoratra Masina ireto, dia tadiavo ny tsiambaratelo hahatonga ny olona iray ho olona vaovao, nandalo fiovana.

Jaona 15:4-8: ________________________________________

Jaona 4:1-42: ________________________________________

**ANJARANAO NY MANAO ZAVATRA!**

Miaraka amin'ny ray aman-dreninao na ny namanao, dia manangàna tetik'asa misiônera manokana mba hanampiana ny mahantra sy ny sahirana eo amin'ny fiarahamonina misy anao.

--------------------------------

# ASA TSY MITADY TOMBONTSOA

**Andininy fototra**

*« Fa efa tonga ny Zanak'olona hitady sy hamonjy ny very »* (Lioka 19:10)

**Tantara**

Nirotsaka nivatravatra ny orana raha niditra tao anaty fiarany ny pasitora Chong handeha hitsidika mpivady izay vao vita batisa haingana. Narary ny zanak'izy ireo vao roa volana. Difotry ny rano ny lalana sasany, nefa nony farany, dia tonga soa aman-tsara ihany ilay pasitora.

« Tonga avy hatrany aho taorian'ny antso an-telefaonina nataonareo», hoy ny pasitora Chong tamin-kafanam-po raha niditra ny efitrano. « Manao ahoana anefa izy izao? » hoy ny fanontaniany sady nanafosafo ny tarehin'ilay zazakely.

« Tena mangotraky ny fanaviana ange izy izany e! Andao hoentina haingana any amin'ny toeram-pitsaboana! » hoy izy nihiaka. Notrotroiny ilay zazakely, nihazakazaka nankeny amin'ny fiarany izy narahin'ireto ray aman-dreniny. Nofaohina fotsiny ny bodofotsy sy ny fitaovana hafa mety hilaina.

Nitalaho tamin'Andriamanitra ny pasitora Chong mba hamonjy ilay zaza. Nijanona teny amin'ny hôpitaly niaraka tamin'ireto ray aman-dreny nandritra ny alina izy. Soa ihany fa nihatsara ny toe-pahasalaman'ilay zaza ary nidina ny fanaviana. Alina nanao ahoana re izany e! Talohan'ny nandehanany dia nanome vola azy mivady ny pasitora Chong.

Rehefa afaka ora vitsivitsy natoriana dia nifoha ilay pasitora ary niomana ho amin'ny fotoana hihaonany amin'ny tovolahy anankiroa izay miezaka hiala amin'ny fifohana sigara. Ny ray aman-drenin'izy ireo, izay mambran'ny fiangonana misy ny pasitora Chong, dia niangavy azy mba hikarakara ireo tanora roalahy ireo, satria tsy misy olona tia azy ireo, tsy misy olona matoky azy ireo.

Nahafantatra an'i Elmo sy Jeffrey hatry ny nahaterahan'izy ireo ny pasitora Chong. Hitany ny nitomboan'izy ireo sy ny nandehanany an-tsekoly. Nefa izy roalahy dia samy niala fianarana tamin'ny taona farany teo amin'ny ambaratonga faharoa. Noho ny fahatsapana ny ady sy fakam-panahy atrehin'izy roalahy ireo, dia naniry hanampy azy ireo ny pasitora

Chong. Kanefa dia manontany tena ihany koa izy sao manao an-tsirambina ny zanany ireo ray aman-dreny noho izy ireo sahirana amin'ny asa.

« O! ry izy roalahy a! Tena misy fivoarana be mihitsy ianareo. Afaka mirehareha ny aminareo aho! hoy ny pasitora Chong tamim-pitsikiana. « Narahinareo avokoa ve ny dingana rehetra tokony hatao isan'andro? »

Tsy mbola azo ny fandresena. Nefa dia eo mandrakariva ny pasitora hampahery azy ireo, hanohana azy, ary hivavaka miaraka aminy. Misy mambra sasany mihevitra fa mandany fotoana be loatra amin'i Elmo sy Jeffrey izy. Mitandrina mafy mihitsy izy ireo mba tsy hahatonga ny zanany hifandray na hifanerasera amin'izy roalahy ireo. Kanefa ilay pasitora dia mino fa Jesôsy Kristy dia afka hanova na iza na iza raha avela hanao izany Izy. Mihevitra izy fa ny fiangonana dia tokony ho tia ireo tanora roalahy ireo, hahazo an-tsaina ny zavatra manjo azy, ary hanaiky azy ireo amin'ny maha-izy azy.

Rehefa handeha hatory ny pasitora Chong tamin'iny alina iny dia nisaotra an'Andriamanitra noho izay nataony ho an'i Elmo sy Jeffrey. Tampoka teo dia nahita hevitra tsara izy. Rahampitso dia hitondra azy roalahy izy ka hiaraka hitsidika marary izy ireo. Izany fampandraisana anjara amin'ny asa fanompoana ho an'ireo sahirana kokoa izany dia azony antoka fa ho fanandramana hitondra fiovana!

**MITADIAVA DIA MAHITÀ!**

1. Mitadiava olona telo ao anatin'ireto andalan-tSoratra Masina manaraka ireto ary sorito ny fomba nifampiraharahan'i Jesôsy tamin'izy ireo tsirairay avy..

a. Lioka 7:1-10: ________________________________________________

________________________________________________

b. Jaona 8:1-11: ________________________________________________

________________________________________________

d. Lioka 19:1-10: ________________________________________________

________________________________________________

**MANAOVA ZAVATRA!**

Manorata zavatra roa izay azonao atao ho an'ny olona iray izay tsy manan-javatra firy. Manorata tonon-kalo ka ny lohahevitra dia ny asa fanompoana eo amin'ny fiarahamonina misy anao.

------------------------------

# ILAY FIALOFANA HO AN'NY ANKIZY

**Andininy Fototra**

*« Mifampiantranoa ka aza mimonomonona »* (1 Petera 4:9)

**Tantara**

« Jereo ange iretsy ankizy mahantra etsy ivelany iretsy e! », hoy i Donna Vargase tamin'alahelo.

« Mitady sakafo ao anaty fanariam-pako izy ireo »

« Tokony hanampy azy ireo isika », hoy ny soso-kevitr'i Dana vadiny. « Mahita hevitra aho! »

Tsy ela taorian'izay dia nanomboka namahana ireo ankizy mpirenireny eny an-dalambe ireo izy mivady tamin'ny alalan'ny sakafo tsara namboarina tao an-trano. Tamin'ny voalohany, dia ankizy folo teo ho eo no tonga misakafo ka lany tanteraka hatramin'ny potipotiny. Vao voalohany izao no mba feno sakafo ny vavoniny! Mba afaka hatory tsara kokoa izy ireo amin'ny alina. Fotoana fohy taorian'izany dia nisy ankizy hafa tonga tao an-tokantranon'i Donna sy Dan isaky ny Alatsinainy, Alarobia ary Zoma, ka milahatra hatrany ivelan'ny garazy.

Nisy naman'i Donna sy Dan tonga nanampy azy ireo tamin'izao asa fanompoana vaovao izao, ary nijery zavatra mivelatra kokoa! Tsy lavitra teo dia nanamboatra toeram-pialofana teo amin'ny tany nomen'ny mambran'ny fiangonana iray izy ireo. Nanao drafitra izy ireo hamahana ireny ankizy tsy manan-kialofana ireny, mba hanabeazana azy sy hampianarana azy fahalalana sy fahaizana ilaina amin'ny fiainana andavanandro.

« Andeha hantsointsika hoe: « Fialofana ho an'ny ankizy » ity foibentsika ity », hoy i Donna. « Tiako ireto tarehy miramirana ireto! Mameno fifaliana ny foko izy ireo! »

« Donna, tena mpianatr'i Jesôsy marina ianao », hoy ny vadiny sady nanjelanjelatra ny masony. « Manana fitiavana lehibe toy izany an'ireo ankizy ireo ianao! Mahagaga sady tsy dia fahita izao ataonao ho azy ireo izao »

« Tsy manao afa-tsy manaraka fotsiny izay tian'Andriamanitra hataontsika aho. Tadidinao ve ny 58? Ny tena fanoloran-tena sy tena fifadian-kanina marina dia ny mikarakara ny sahirana sy ny mahantra », hoy izy nampahatsiahy ny vadiny.

« Tiako ireny tantara ao amin'ny Baiboly nanampian'i Jesôsy ny mahantra ireny », hoy izy. « Manosika ahy hanampy ny hafa koa izany »

Niaraka tamin'ireo tarika manao asa an-tsitrapo ireo, i Donna sy i Dan dia nanohy namahana ireo ankizy tsy manan-kialofana, nanohy niresaka ny amin'ny fitiavan'i Jesôsy, ary nanohy nampianatra asantanana izay hanampy azy ireo, any aoriana, hitadiavany fivelomana. « Ilay fialofana ho an'ny ankizy » dia sombiny kelin'ny lanitra eto an-tany ho an'ny zaza aman-jatony.

**MITADIAVA DIA MAHITÀ!**

Vakio Matio 8 sy 9, ary tadiavo ao amin'io andalan-teny io ny iraka fanehoam-pitiavana.

___

Mitanisà olona dimy nositranin'i Jesôsy sy nanaovany asa fanompoana

___

Karazan'olona toy inona no nampian'i Jesôsy? Tamin'ny lafiny inona no nampiavaka an'i Jesôsy tamin'ny fariseo sy ny sadoseo ary ny mpitondra fivavahana hafa tamin'ny androny?

___

___

--------------------------------------------

# NY FIJOROANA HO VAVOLOMBELONA NATAON'I OLIE

**Andininy Fototra**

*« Aoka ho vonona mandrakariva hianareo hamaly izay manontany anareo ny amin'ny anton'ny fanantenana ao anatinareo »* (1 Petera 3:15).

**Tantara**

Nipetraka tsara teo amin'ny sezany i Olie ary namehy ny fehin-kibo fiarovana. Vonona izy ho amin'ny fitsangantsanganana feno filaminana ho any Kalimantan, any Indônezia, ao anaty sehatry ny dia misiônera iray mampientanentana. Izao fandehanany izao, dia efa nisy iray volana no niandrasany azy fatratra. Tonga ankehitriny ilay andro lehibe! Nanopy maso ny manodidina azy izy ary nahita ny ankamaroan'ireo namany maka toerana tsara avokoa ao aoriany.

Tamin'ny fotoana niomanan'i Olie hanakimpy ny masony iny indrindra no nitodika tany aminy ilay lehilahy nipetraka teo anilany.

« Hono ho'aho ry tovolahy, aiza moa izany no halehanao? Toa mientanentana be erỳ izato ianao! » hoy ilay olona tsy fantany sady nanifikifika ny lohany.

« Izany hoe, hanao dia misiônera aho! Handeha hihady lavaka fantsakana sy hanangana trano fivoahana ho an'ny mponina amin'ny tanàna anankiray any Kalimantan izahay », hoy Olie sady nitsiky.

« Hay ve? Fa maninona ianao no manao izany? Hoy ny fanontanian'ilay lehilahy. « Tsy ho nahafinaritra kokoa ve ny nandeha naka rivotra? »

« Ny Baiboly ange mampianatra antsika hanampy sy hanompo ny hafa e! Ary izany no tiako hatao », hoy ny navalin'i Olie tamim-pahasahiana.

« Andray! Toa tena resy lahatra tanteraka mihitsy ange ianao izany araka ny fahitako azy e! », hoy ny navalin'ilay lehilahy sady nanangana ny ankihibeny. « Mba resaho amiko bebe kokoa ny amin'izany dianao izany. Gaga aho mahita finoana matanjaka amin'ny tanora tahaka anao izao »

Tao anatin'ny 30 minitra i Olie no nitantara taminy ny fomba nahitany an' i Jesôsy Kristy. Mba alaivo sary an-tsaina ange: Olie dia bodista teo aloha. Nianatra tamin'ny sekoly advantista anankiray izy ary tonga kristianina vao teraka indray! Nohazavain'i Olie taminy ny zava-tsarotra tsy maintsy natrehiny rehefa nanambara tamin'ny fianakaviany ny amin'ny fanapahan-keviny hanaraka an'i Jesôsy.

« Miala tsiny fa notazoniko ela loatra ianao, tompoko. Mamelà ahy ianao hanome anao ity boky ity», hoy Olie.

« Misaotra, ry tovolahy, hovakiko tokoa ity.  Nanohina ahy ny fijoroanao ho vavolombelona », hoy izy nihomehy. Bonne chance e! Andriamanitra anie homba anao! »

**MITADIAVA DIA MAHITÀ!**

Vakio ny Asan'ny Apôstôly 9.20-22. Inona no nataon'i Paoly, ary taiza no nandraisany izany hery izany?

________________________________________

________________________________________

## NY FANOMEZAM-PAHASOAVAN'I OHNMA

### Andininy Fototra

*« Ary Izy no nanome ny sasany ho Apôstôly, ary ny sasany ho mpaminany, ary ny sasany ho evanjelista, ary ny sasany ho mpiandry sy mpampianatra »* (Efesianina 4:11)

### Tantara

Nandritra ny famelabelarana ara-tSoratra Masina natao vao haingana, dia natao batisa i Ohnma satria tia an'i Jesôsy izy. Tamin'ny Sabata voalohany nankanesany tany am-piangonana dia nandray azy teo am-baravarana ary niarahaba azy tonga soa i Mme Lywin, vadin'ny pasitora.

« Ohnma, mety hahafinaritra anao ve ny manampy anay ho mpanolo-tsaina ao amin'ny vondrona tanora iray ao amin'ny fikambanana Mpisavalalana? » hoy ny fanontanian'i Mme Lywin, tamin'ny endrika mamiratra.

« Tsy…, tsy dia azoko antoka loatra hoe ho haiko ny hanao izany. Fantatro fa tsy manana izany talenta izany aho », hoy ny navalin'i Ohnma tamim-pisalasalana.

« Andray, aza manambany ny fahafaha-manao anananao! Efa mahatsikaritra sahady ao aminao fanomezam-pahasoavana roa fara fahakeliny avy amin'Andriamanitra aho. », hoy Mme Lywin.

« Marina ve? Izaho aloha dia miresaka be amin'ny olona sy mizara e!», hoy i Ohnma tamim-pahatokiana.

« Izay indrindra no ilainay! Fantatrao moa fa Andriamanitra dia nanome ho an'ny tsirairay avy amintsika fanomezam-pahasoavana sy talenta samihafa ho an'ny asany? Vakio ange ny Rômanina 12 sy 1 Kôrintianina 12. Mety ho hitanao ao fa tena mpampianatra tonga lafatra ianao », hoy ny navalin'i Mme Lywin tamim-pitsikiana.

« Ny mpianatr'i Kristy tsirairay dia misiônera », hoy i Mme Lywin nanohy ny teniny. « Noho izany dia ampiasao ny fanomezam-pahasoavanao hampianatra, hanampy ary hizara ny fitiavan'i Jesôsy amin'ireo manodidina anao. Tsy ilainao ny handeha any Afrika mba ho misiônera any! »

Tsy ela taorian'izany i Ohnma dia niaraka tamin'ny fikambanan'ny Mpisavalalana amin'ny maha-mpanolo-tsaina ho an'ny vondrona tanora iray. Rehefa izany, dia nitarika Sekoly Biblika amin'ny fialan-tsasatra niaraka tamin'ny olona hafa izy. Fifaliana manao ahoana no tsapany rehefa miresaka ny amin'i Jesôsy amin'ireo ankizy izay tsy mbola nahafantatra Azy! Ary tena mahafinaritra koa ny miasa miaraka amin'ny Mpisavalalana!

**MITADIAVA DIA MAHITÀ!**

Vakio Jaona 4:4-30. Tamin'ny fomba ahoana no nahatonga ilay vehivavy samaritana ho misiônera taorian'ny resaka nifanaovany tamin'i Jesôsy?

________________________________________

________________________________________

**MANAOVA ZAVATRA!**

Eo amin'ny taratasy miloko fanaovana kisarisary dia manaova faribolana izay mirefy 7,5 sm ny savaivony (diamètre). Eo amin'io faribolana io, soraty ny teny hoe « ANONTANIO AHO » amin'ny feutre. Apetaho eo amin'ny tratran'akanjonao izany (eo amin'ny lobaka na palitao). Dia mandehana mandondòna eo am-baravaran'ny tranon'ny mpifanolo-bodirindrina aminao. Raha mamoha ny varavarana izy dia tondroy fotsiny ilay soratra. Raha miteny aminao izy manao hoe: « Hanontany inona anao?», dia afaka manomboka miresaka ny amin'i Jesôsy ianao.

---------------------------------------

# NY FONENAKO ANY AMBONY

**Andininy Fototra**

*« Ary ho fafany ny ranomaso rehetra amin'ny masony; ary tsy hisy fahafatesana intsony, sady tsy hisy alahelo, na fitarainana, na fanaintainana; fa efa lasa ny zavatra taloha »* (Apôkalipsy 21:4).

**Tantara**

Mientanentana avokoa ny rehetra! Manisa andro i Kelly! Io manko no fetim-pianakaviana lehibe hatao ao amin'ny trano ngezaben'i Dadabe. Indray mandeha isan-taona, ny taranak'i Dadabe rehetra dia mihaona ao ary miara-mandalo fotoana mahafinaritra. Tsindrian-daona ny ankizy! Ho afaka hiara-milalao indray amin'ireo zanaky ny dadatoa sy nenitoa isany izy ireo, hihinana zavatra mahafinaritra samihafa, ary hiditra amin'ny efitrano feno zava-mahagaga.

Rehefa nanakaiky ny tranon'i Dadabe ny fiara, dia nientanentana fatratra erỳ i Kelly ka tsy zakany intsony ny mbola hiandry mihoatra ny iray minitra.

« Afaka hafiriana vao ho tonga isika, ry Dada? Alefanao miadana loatra izany fiara izany androany a! » hoy i  Kelly tsy manam-paharetana intsony.

« Ka ilaina ny fitandremana e!», hoy ny navalin'i Dada.

« Efa maika be aho te hahita hoe inona indray ny zava-baovao nomanin'i Dadabe ho antsika amin'ity taona ity! hoy i Kelly nihiaka. « Tiako ho azo io loka io! »

« Afaka ny hahazo izany ianao raha tanterahinao avokoa ny zavatra eo amin'ny lisitra nomen'i Dadabe  », hoy i Dada tamin'ny feo mampahery.

Eny, tsara dia tsara tokoa ilay fihaonana! Ny hehy sy ny fahafinaretana dia hita avokoa raha niara-nisakafo ny mambran'ny fianakaviana rehetra, niara-nanao lalao samihafa, ary niara-nanao raharaha. Alaivo sary an-tsaina ange ny tsirairay manampy eo amin'ny fitonoana katsaka e! Nisy tsy latsaky ny zato teo ho eo!

Taorin'izany fihaonana tsy misy toa azy izany, raha namily ny fiara teny an-dalana mody i Dada, i Kelly kosa tao amin'ny seza aoriana tsy niteny na inona na inona. Natory be izy! Tampoka teo, nihiratra ny masony. Nokapokapohiny moramora ny sorok'i Dada.

« Dada ô! ny lanitra ve toerana mahafinaritra tahaka ny ao amin'ny tranon'i Dadabe? hoy ny fanontaniany. « Raha izany manko dia te honina any mandrakizay aho! »

« Mbola tsara lavitra noho io, ry Kelly, satria Jesôsy dia hiaraka amintsika mandrakizay ao! », hoy i Dada falifaly.

**MITADIAVA DIA MAHITÀ!**

Ianaro sy diniho tsara ny Apôkalipsy 21, dia tadiavo ireo antony izay aniriantsika honina any an-danitra.

________________________________________

________________________________________

*I Linda Mei Lin Koh, tera-tany avy any Singapour, dia talen'ny Sampana Miadidy ny Ankizy any amin'ny Foibe maneran-tany*